Ny Tombokase Fahefatra

Manao ahoana. Hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika ankehitriny, ho an'ny vavaka.

2 Rainay any An-danitra sy Mpiahy, manatona Anao indray izahay izao hariva izao, ankehitriny, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mba hanome Anao ny saotra nohon'ny andro hafa iray. Ary mangataka an'ireo Fitahianao izahay ankehitriny ho eo amin'ny fivoriana izao hariva izao. Aoka ho tonga ny Fanahy Masina ka hanome anay ny fandikana an'ireto zavatra izay tena katsahinay am-pitandremana ireto. O Andriamanitra, enga anie izany ho tena sarobidy mba ahafahanay rehetra miombona manodidina ny Teny amin'ny fomba iray, ka, rehefa miala izahay, dia ho afaka hanao hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?" Misaotra Anao izahay ny amin'izay efa naha-izy Azy taminay, ary matoky fa hijanona miaraka aminay Izy raha manohy ny dia izahay, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

3 Tena faly aho ny tafaverina ato amin'ny tranon'ny Tompo, izao hariva izao, ao amin'ny fivoriana indray! Ary faly isika. Tena faly aho fa . . .

4 Nieritreritra fotsiny aho fa tsy ho tonga ity Anankiray ity, fa tonga ihany Izy tamin'ny farany. Ary noho izany tena mankasitraka aho, fa tonga eo amin'ny faran'ireo mpitaingin-tsoavaly efatra ireo, izay heveriko fa iray amin'ireo Hafatra lehibe ho an'ilay Fiangonana amin'izao fotoana izao.

5 Tsy fantatro hoe inona ilay Anankiray hafa. Mandray an'izany fotsiny isan'andro aho, araky ny Anambarany Azy fotsiny. Miezaka aho ny—ny hanome Azy, amin'ny . . . araka ny Anomezany Azy ahy.

6 Ankasitrahanareo ve ny—ny fitahiana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Efa voamarikareo ve hoe ahoana marina Izany, ao amin'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo taom-piangonana ireo, ahoana fa mifanaraka tsara fotsiny mihitsy Izany ao amin'ny fahatanterahana mihitsy tokoa miaraka amin'izy ireo? Toy izany ilay izy . . . Ho ahy, izany no maneho fa izany dia—izany dia ilay Fanahy Masina iray ihany izay nanome an'ireo taom-piangonana, Fanahy Masina iray ihany arak'izany no manome an'Ity, hitanareo, satria mifangaro miaraka izany; ny rehetra dia hetsika goavana anankiray an'Andriamanitra, maneho ny Tenany amin'ny fomba samihafa.

7 Mahamarika ianareo, rehefa naneho ny Tenany tamin'i Daniela Izy, tao amin'ireo fahitana, dia nisy fanehoana iray an'ny zavatra anankiray, tahaka ny—ny osilahy iray ao amin'ity

toerana ity, na angamba hazo iray; ary ny toerana manaraka dia sariolona iray. Ary—ary—ary ireo zavatra izay Nataony, teo am-panaovana an'izany, dia ilay zavatra iray ihany foana, mba ahazoana antoka fa tsy diso an'izany isika.

8 Ankehitriny, nientanentana tokoa aho fotoana vitsy lasa fotsiny izay, niresaka tamin'ny ramatoa kely iray izay mipetraka eto aho, eo amin'ny dimy amby valopolo taona eo. Ary izy . . .

9 Tsy ela, talohan'ny nialako nandeha tany andrefana mihitsy, nahoana, dia nisy za—zazavavy kely iray tany Ohio, izay, heveriko, izay teo am-pahafatesana niaraka tamin'ny dingana faran'ny leucémie. Ankehitriny, ny leucémie dia homamiadana ao amin'ny fikorian-drà. Ary, oh, ilay zavatra kely dia, fantatrareo, tena toerana ratsy iray, ka tsy nisy fanantenana intsony mihitsy ho azy. Namahana azy tamin'ny alàlan'ireo làlan-drà izy ireo, ilay fandidiana. Ary noho izany dia fianakaviana iray tena mahantra izy ireo. Ary izy ireo . . .

10 Rtoa. Kidd, eto, sy Rahalahy Kidd, niresaka tamin'izy ireo mikasika ny Tompo mamaly vavaka imbetsaka izy ireo. Ary nitambatra izy ireo, heveriko, ka nanakarama olona iray, ary nitondra an'ilay zazavavy kely. Ary zazavavy kely tena tsara tarehy izy, teo amin'ny, oh, enina, fito taona teo. [Hoy ny anabavy iray hoe, "Sivy taona."—Mpand.] Sivy taona. Ary—ary tao ambadika tao izy tao amin'ny efitra. Ary ilay . . .

11 Ary rehefa nandeha teo anatrehan'ny Tompo izahay, dia nanome teny iray ho azy ny Fanahy Masina. Ary tsy maintsy nitondra azy izy ireo, ary tsy maintsy nitondra azy sy namahana azy, fantatrareo, tahaka an'izany. Ary rehefa niainga izy, dia nitaky hamburger iray, ary, noho izany, dia naka ny sakafony tamin'ny vavany. Ary nomen'izy ireo azy ilay hamburger, ary nanohy namahana azy fotsiny ara-boajanahary.

12 Tao anatin'ny fotoana fohy, andro vitsy, dia nentin'izy ireo niverina nankany amin'ny dokotera izy. Ary izy ireo . . . Tsy afaka nahazo fotsiny ilay dokotera. Hoy izy hoe, "Ilay izy dia toy ny tsy, tsy ilay zazavavy iray ihany akory aza." Hoy izy hoe, "Nahoana, tsy—tsy misy marika anankiray an'ny leucémie akory aza ny amin'ilay izy, na aiza na aiza, na aiza na aiza mihitsy." Noho izany, ary, teo am-pahafatesana izy. Efa nandao azy izy ireo; namahana azy fotsiny tamin'ny alàlan'ireo làlan-drà. Efa nivadika mavo izy. Fantatrareo hoe lasa toy ny ahoana izy ireo. Ary noho izany izy ireo . . . Ary any an-tsekoly izy ankehitriny, milalao miaraka amin'ireo ankizy hafa, faly fotsiny arak'izay maha-izy azy.

13 Mampahatsiahy ahy toe-javatra iray hafa an'izany. Indray andro, vao avy tonga tany an-trano aho, dia nisy ny . . . Raha tsy diso aho, dia na olona Episkopaliana izy ireo na Presbyterana, izay nitondra zazavavy kely iray avy tany Kansas. Ary nandao azy ireo dokotera, niaraka tamin'ny leucémie. Ary

izy ireo nanome azy, mino aho, efatra andro hahavelomana; tena narary izy. Noho izany dia nilaza izy ireo fa nandany an'ireo efatra andro ireo mihitsy hahatongavana teto, nanerana an'ireo tafiotram-panala sy ny sisa, nanerana ny firenena, mba hivavahana ho azy. Ary ilay raibe, lehilahy iray tsara vatana, efa zokiolona, dia fotsy volo.

14 Ary izy ireo dia nitondra azy, efa, roa andro, teto tao amin'ny tranom-bahiny kely iray. Izaho—ataoko fa tsy ao intsony ilay izy ankehitriny, tany amin'io ilan'i Silver Creek io. Ary noho izany dia nandeha aho tamin'io alina io mba hivavaka ho azy. Tamin'ny maraina be izany. Tonga aho tamin'io alina io, avy tao an-tanàna, ary nandeha. Ary ilay ray zokiolona . . . ilay raibe dia nandeha teo amin'ny gorodona. Ary, ilay reny, niezaka ny hikarakara an'ilay ankizy.

15 Ary raha mbola nandohalika nivavaka aho, dia nanambara tsiambaratelo iray tamiko ny Fanahy Masina izay nisy teo amin'ilay—ilay reny sy ilay ray, zavatra iray izay nataon'izy ireo. Niantso azy ireo teny amin'ny sisiny aho ary nanontany azy ireo mikasika an'izany. Nanomboka nitomany izy ireo, nanao hoe, "Marina izany."

16 Avy eo dia nitodika aho, ary nahita an'ilay zazavavy kely nitsambikina tamin'ny tady iray, nandeha, nilalao. Ary ankehitriny ilay zazavavy kely . . . Teo amin'ny fotoana telo herinandro teo, dia nalefan'izy ireo ho ahy ny sarin'ilay zazavavy kely, niverina tany an-tsekoly, nitsambikina tamin'ny tady, ary tsy nanana leucémie, mihitsy.

17 Ankehitriny, ankehitriny, ireo fijoroana vavolombelona ireo dia tena fahamarinana marina tanteraka mihitsy, hitanareo. Noho izany, dia tena misy ny Andriamanitsika, hitanareo. Manompo Azy fotsiny isika ary—ary mino Azy. Ary—ary izaho—fantatro fa tena misy Izy.

18 Ankehitriny, miezaka ny tsara indrindrako aho ankehitriny, ary raha mbola misy zavatra iray, ao anaty, ao anivontsika ao, izay mitady ny Làlany. Ary ankehitriny dia hiezaka isika, izao hariva izao, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, ny haka an'ity Tombokase Fahefatra ity, ka hahita an'izay tsy maintsy ho lazain'ny Fanahy Masina amintsika, ao anatin'Izany.

19 Ankehitriny aho dia hamaky ny—ny Apokalypsy, ny toko faha-6, ary manomboka amin'ny andininy faha-7; faha-7 sy faha-8. Misy andininy roa foana; ny voalohany dia ny filazana, ary ny andininy faharoa dia izay hitany.

Ary rehefa novahany ny tombokase fahefatra, dia reko ny feon'ny fahefatra—ny zava-manan'aina fahefatra nanao hoe, Avia ka jereo.

Ary nijery aho, ka indro soavaly hatsatra iray: ary ny anaran'izay nipetraka teo amboniny (izay nipetraka) *dia Fahafatesana, ary ny Helo nanaraka . . . azy. Ary*

nomena fahefana tamin'ny ampahefatry *ny tany, mba hamono miaraka amin'*ny *sabatra, sy amin'ny mosary, sy amin'ny fahafatesana, sy amin'ny . . . ireo bibidia ety an-tany.*

20 Ankehitriny, ny Tompo anie hanampy antsika hahazo an'Ity ankehitriny. Zava-miafina iray izany.

21 Ankehitriny, fijery ankapobeny kely iray fotsiny, mba hamerenana, tahaka ny nanaovantsika an'ireo taompiangonana, ireo mpitaingina ary ireo fanokafana an'ireto Tombokase ireto. Ankehitriny, mba hanaovantsika azy ao antsaintsika fotsiny, dia hiresaka kely mandra-pahatsapantsika fa fotoana mety hiresahana ilay izy.

22 Ankehitriny, dia nahamarika isika ankehitriny, fa, ny fanokafana an'ireo Tombokase, izany dia ny Bokin'ny Fanavotana voaisy tombokase. Ary noho izany ilay Boky dia mihorona tahaka ny horonana iray, tahaka ny fanao fahiny fotsiny.

23 [Manao kisarisary ny fanoronana sy fanisiana tombokase ny horonana iray Rahalahy Branham, amin'ny fampiasana ravintaratasy—Mpand.] Tsy boky iray amin'*ity* karazany ity izany; satria ity dia vao haingana no tonga, ireto karazam-boky ireto, tamin'ny farany, oh, ataoko fa dimampolo amby zato taona, na tahaka an'izany, roan-jato. Ary noho izany dia nahoron'izy ireo izany, avy eo dia asiany ambiny mihantona. Araka ny noteneniko taminareo hoe toy ny ahoana no nanaovana azy, ary ireo Soratra, aiza no ahitana azy, ary ao amin'i Jeremia, sy ny sisa. Avy eo ny manaraka dia voahorona, avy eo dia navela hihantona ilay ambiny, ary izany dia tahaka an'*izao*.

24 Ary ny tsirairay avy dia Tombokase iray. Ary izany dia Boky iray voaisy tombokase fito, ary izany dia . . . Tsy misy anankiray . . . Rehefa izy ireo no . . . Izany dia Bokin'ny Fanavotana voaisy tombokase fito. Mamelà ahy.

25 Ary, noho izany, tsy nisy anankiray tany An-danitra na tety an-tany, na tany ambanin'ny tany, izay mendrika ny hanokatra Azy na hijery Azy akory aza. Ary nitomany i Jaona, satria tsy afaka nahita olona . . . Satria, raha tsy nalaina avy teny antànan'ilay Tompony tany am-boalohany io Boky io . . . Fa, verin'i Adama sy Eva Izany, ary niverina, rehefa avy nanary ny zòny amin'ny Teny izy ireo, ireo teny fikasana, ny lovan'izy ireo.

26 Izy ireo, tsarovy, izy ireo no mifehy ny tany. Izy dia—izy dia andriamanitra kely iray, satria zanak'Andriamanitra iray izy. Ary ny zanak'Andriamanitra iray dia—dia—andriamanitra kely iray. Ankehitriny, tsy mifanohitra amin'ny Soratra izany. Fantatro fa toa hafahafa izany.

27 Fa hoy Jesosy hoe, "Raha ianareo no miantso an'ireo, izay nahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra . . ." Ary amin'iza no ahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra? [Hoy ny fiangonana hoe,

"Mpaminany."—Mpand.] Ireo mpaminany. "Raha ianareo no miantso an'ireo, izay ahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra hoe, 'andriamanitra,' dia ahoana no ahafahanareo manameloka Ahy raha milaza Aho fa Izaho no Zanak'Andriamanitra?" Hitanareo?

Ary, ankehitriny, dia andriamanitra izy ireo.

28 Ary ny olona, raha teraka tao amin'ny fianakaviana iray avy amin'ny anaram-pianakavianareo ianareo, dia zanaka iray ianareo, ary ampahan'ny rainareo.

29 Ary noho izany—noho izany rehefa niditra ny fahotana, dia hitantsika fa niampita an'ilay hantsana ny olona. Ary—ary ny ràn'ombilahy sy osilahy, dia nanarona, fa tsy namela. Mandrapaha, tonga ilay tena Fanalana tasy, izay afaka naka ny tasin'ny fahotana ka nandrava an'izany ho potipotika manontolo, ary namerina an'izany teo amin'ilay mpamadika azy tany amboalohany, i Satana izany.

30 Rehefa niverina nankany amin'i Satana izany, dia miandry ny fotoany ho an'ny fandringanana azy Mandrakizay izy. Ankehitriny, izany no maneho an'izay inoantsika. Mino aho fa ho vita tanteraka sy ho ringana manontolo izy.

31 Mino aho fa ho torotoro ny fahotana. Ary rehefa voaaiky izany, eo amin'ny fototry ny Ràn'i Jesosy Kristy, dia tahaka ny mandraraka ranomainty indray mitete ao anatin'ny andiana fanalana tasy Clorox izany. Mandrava azy fotsiny ao anatin'ireo simika izany, ary mandefa azy miverina avy hatrany mankany amin'izay nihaviany. Hitanareo? Ary tahaka an'izany no ataon'ny Ràn'i Jesosy Kristy.

32 Noho izany, dia izany no mametraka ny olona any ampitan'ilay hantsana indray, amin'ny mahazanak'Andriamanitra iray. Hitanareo? Ary amin'izay fotoana izay izy—amin'izay fotoana izay izy dia lasa ny—ny... Nahoana, izy mihitsy aza... Ao aminy ilay herin'Andriamanitra mamorona. Ary, farafahakeliny, na oviana na oviana ahafahan'Andriamanitra mandidy an'ilay izy ho vita, dia ho vita izany. Ary miverina isika. Fa rehefa ilay—ilay...

33 Mosesy, teo ambanin'ny ràn'ombilahy; ary rehefa nihaona tamin'io Hazavana io izy, ilay Andry Afo tao anatin'io roimemy nirehitra io. Ary nitsangana izy, tany, teo amin'ny fanirahana iray izay nomen'Andriamanitra azy. Ary mpaminany iray izy. Ary rehefa tonga taminy ny Tenin'ny Tompo, dia niteny izy, ka na dia ireo zavatra aza dia noforonin'ny Teny. Hitanareo?

34 Ankehitriny, raha hanao an'izany ilay izy eo ambanin'izany, ilay ràn'ombilahy, dia ahoana ny amin'ny Ràn'i Jesosy? Tsy nanarona; fa namela an'izany, manontolo. Ary mitsangana ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ianareo, amin'ny mahazanaka iray navotana. Ankehitriny, hitanareo, ilay Fiangonana dia any ankoatra lavitry ny fari-piainany. Ary heveriko,

matetika loatra, dia mivembena isika raha tokony ho tonga marina ka miatrika an'ilay olana.

Manana zavatra izay tiako lazaina aho, ary izaho—ho lazaiko amin'ny fotoana.

35 Ary mariho ankehitriny fa misy zavatra tsy mety any ho any ao amin'ireo fiangonana. Ary heveriko fa izany dia ireo rafitra ara-anaram-piangonana izay manodinkodina ny sain'ny olona, sy ny sisa, hany ka tsy fantatr'izy ireo hoe ahoana no hanaovana an'ilay izy. Marina izany.

36 Fa isika dia nampanantenaina fa ho voambara Izany. Ary ankehitriny dia misy Tombokase Fito izay manisy tombokase an'ity Boky ity. Ary ireo Tombokase Fito ireo ankehitriny . . .

37 Ary avy eo rehefa feno ireto Tombokase Fito ireto, dia hitantsika, ao amin'ny Apokalypsy 10, fa nisy Kotrokorana fito mahagaga izay nanirahana an'i Jaona mba ho soratana, saingy avy eo dia noraràna tsy hanoratra azy ireo. Ary tamin'ny fotoan'ireo Kotrokorana ireo, dia hitantsika Kristy, na, "Ilay Anjely nidina niaraka tamin'ny avana iray, ka nametraka ny Tongony teo ambonin'ny tany sy ny ranomasina, ary nianiana fa tapitra ny fotoana, tamin'io fotoana io."

38 Ary avy eo dia hitantsika—hitantsika, fa tamin'ny fanambarana an'ireo Tombokase, fa ny—niala teo amin'ny Asan'ny fanelanelanany amin'ny maha-Mpanelanelana iray ny Zanak'ondry, ary nandroso ankehitriny mba hitaky an'ireo Zòny, izay rehetra Navotany tamin'ny alàlan'ny Fahafatesany.

39 Ary, noho izany, tsy nisy anankiray afaka nanokatra ny Boky. Tsy nisy anankiray nahazo an'Izany. Izany dia Bokin'ny Fanavotana iray. Ary Andriamanitra ilay Ray, Fanahy, no nanana Azy teny an-Tànany, satria Kristy dia teo amin'ny Seza fiandrianana amin'ny maha-Mpanelanelana iray, ilay Mpanelanelana tokana. Noho izany, tsy nety nisy olo-masina, tsy nisy Maria, tsy nisy Josefa, tsy nisy na inona na inona hafa, teo amin'io alitara io, satria Rà izany. Ary ny Ràn'i Jesosy irery ihany no afaka nanao an'ilay fanaovam-panavotana, noho izany dia tsy nisy na inona na inona hafa afaka nitsangana ho Mpanelanelana iray. Marina izany. Tsy nisy na inona na inona hafa.

40 Noho izany io hevitra rehetra ny amin'ny fanelanelanana miaraka amin'i Joda ho an'ny politika io, sy fanelanelanana miaraka amin'i Masimbavy Cecile ho an'ny zavatra hafa, fahadalana izany. Izany tsy . . . Izaho—tsy milaza aho hoe tsy mahitsy fo sy tso-po ireo olona ireo. Tsy milaza aho fa tsy tso-po ianareo amin'ny fanaovana an'izany, raha manao ianareo. Fa, diso ianareo, ianareo dia—diso am-pahatsoram-po ianareo. Ary ny zavatra rehetra . . .

41 Hoy izy ireo hoe, "Eny, ity—ity Anjely ity, ity—ity dia niseho tamin'i Masindahy Bonifère ka nilaza an'*ity*, *itsy*, ary ny *hafa*. Ary izy ireo dia tokony nilaza an'*ity*." Tsy misalasala an'izany

aho na kely aza, ao an-tsaiko, fa nahita fahitana ny olona iray. Izaho—tsy misalasala aho fa nahita fahitana i Joseph Smith, saingy tsy araka ny sisa amin'ny Teny ilay izy. Koa noho izany, ho ahy, dia diso izany. Hitanareo? Tsy maintsy tonga miaraka amin'ny sisa amin'ny Teny izany.

42 Tahaka an'izany ireo taom-piangonana, sy ireo Tombokase, ary ny sisa rehetra amin'Izany. Ary rehefa mihevitra ny olona iray fa izy no manana an'ireo Kotrokorana Fito ireo, raha tsy mitaha amin'ny sisa amin'ny Teny izany, dia misy zavatra tsy mety ao. Hitanareo? Izany dia tsy maintsy tonga amin'ny, HOY NY TOMPO HOE, satria ilay Boky dia *Ity*. *Ity* no Fanambaran'i Jesosy Kristy, ao amin'ny Manontolony.

Ankehitriny, izaho—mino aho noho izany fa nandroso ilay Zanak'ondry.

43 Tsy nahafantatra izy ireo. Nitomany i Jaona. Tsy afaka nahita na iza na iza izy, tany An-danitra, teto an-tany, satria ny rehetra dia teny amin'ny ilany hafa an'ilay hantsana, hitanareo, ny fahotana. Tsy nisy olona . . . Ary Anjely iray, mazava ho azy, Izy no tokony ho mendrika, saingy, na izany aza, dia tsy maintsy Havana iray ilay izy. Tsy maintsy ho olombelona ilay izy. Ary tsy nisy ny zavatra tahaka an'izany, satria ny olona rehetra dia tsy maintsy nateraky ny fananahana.

44 Tsy maintsy naka Anankiray ho Azy izay teraka tsy nisy an'izany. Noho izany dia Andriamanitra Izy tenany no naka an'izany, tao amin'ny fahaterahana ara-virijiny, ary lasa Imanoela. Ny Ràny no, eny, ilay Anankiray izay mendrika. Noho izany rehefa niampita an'io hantsana io Izy, ny Tenany, ka nandoa an'ilay vidiny ary nanisy tetezana an'ilay làlana ho an'ny sisa amintsika, tamin'izay fotoana izay dia nipetraka Izy, mba ho Mpanelanelana. Ary efa nipetraka teo Izy.

45 Ary ilay Boky dia nikatona marina tokoa, nandritr'io fotoana rehetra io. Eo Izy, saingy mbola ao anatin'ny mari-pamantarana foana Izy. Nahita Azy izy ireo. Nahita Azy mihitsy aza i Jaona. Ilay filazana, rehefa nivoaka ilay voalohany, dia hoy izy hoe, "Nivoaka ny soavaly fotsy iray; nanana mpitaingina iray izy teo amboniny; nanana tsipika iray teny an-tànany." Mari-pamantarana iray izany. Tsy voambara izany. Tsia. Mari-pamantarana iray fotsiny izany. Ary, tahaka ny olona rehetra eto ambonin'ny tany, dia izay ihany no azony nolazaina. Marina izany. Mety tafintohina sy nitaredretra izy, tsy isalasalana, nikasika tany ho any *teto* sy *tetsy*, ary afaka kelikely.

46 Saingy hitantsika, avy eo, fa ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy hoe, "Amin'ny Hafatr'ilay anjely fahafito, ireo zava-miafina (ireo zava-miafina rehetra an'Izany) dia tokony ho efa voambara amin'io fotoana io." Ankehitriny, izany dia Apokalypsy 10:1-7, hoe tokony ho voambara Izany araka an'io fotoana io, amin'io fotoana izay Nanaovany io.

47 Tamin'izay fotoana izay dia nampandre an'ireo feony hafahafa ireo Kotrokorana Fito, ary saika hanoratra i Jaona. Fa, fantatr'i Jaona hoe inona Izany, saingy izy—tsy nanoratra an'Izany izy satria voarara tsy hanoratra an'Izany. Izany marina tokoa dia, ary ny manontolo, zava-miafina iray. Tsy tao amin'ny mari-pamantarana akory aza izany na inona na inona. Fantatsika fotsiny fa Izy . . . Izany dia nikotroka, dia izay ihany.

48 Ary ankehitriny eo am-pianarana an'ity ankehitriny, dia aza adino, ankehitriny, amin'ny Alahady, na amin'ny Alahady maraina, dia avelantsika ny asam-panasitranana nohon'ny fanomezana valiny an'ireo—ireo fanontanian'ny olona. Ankehitriny, tiako ianareo hametraka fanontaniana iray eo amin'ireo Tombokase Fito, raha manelingelina anareo izany, zavatra izay tsy azonareo. Ndao isika hanao an'izany eo amin'ireo Tombokase Fito. Avy eo dia afaka miteny aho, amin'ny Sabotsy hariva, na misy betsaka ilay izy mba—mba hamaliana azy ireo, na tsia, hitanareo. Ary noho izany ho an'ny ankehitriny fotsiny, ny milaza fotsiny, eny, mikasika ny zavatra hafa iray, na hoe, "Tokony hanao an'*ity* ve aho?" Na—na, mety nanana nofy iray. Ireo, zavatra tsy ilaina ireo rehetra ireo, ankehitriny, tsarovy. Zavatra tsy ilaina izy ireo. Fa ndao isika hijanona mihitsy amin'ireo Tombokase Fito. Eo amin'izany mihitsy no misy antsika. Ndao isika . . . Eo amin'izany no—no nanokanana ny fivoriana, ireo Tombokase Fito. Ndao isika hijanona amin'Izany mihitsy.

49 Tsy maintsy mody any an-trano aho, tsy maintsy hanana fivoriana vitsivitsy aho any andrefana. Hiverina indray aho avy eo, afaka iray volana mihoatra kely na roa, na zavatra tahaka an'izany, ary angamba ny Tompo dia hamela mba ahafahantsika hahazo zavatra hafa iray eo amin'izany, angamba asam-panasitranana iray na zavatra iray amin'izany fotoana izany, na inona na inona no hataontsika . . . na inona na inona ilay izy.

50 Avy eo dia manana an'ireo Trompetra Fito isika eto, izay mbola ho avy, hitanareo. Ary izy rehetra ireo dia miditra ao, ihany koa. Ary ireo Lovia Fito, hitanareo, mba hararaka. Noho izany, ary izany rehetra izany dia mifangaro miaraka mihitsy ato, saingy mbola mahagaga izany rehetra izany.

51 Ankehitriny, omaly hariva . . . Hitantsika fa nivoaka ilay Tombokase Voalohany, ary ilay mpitaingina . . . Ary ny Tompo . . . Mianiana aho, fa tsy nahafantatra an'izany mihitsy aho tany aloha. Tsy nahafantatra ny iray tamin'ireo zavatra ireo mihitsy aho tany aloha. Marina izany. Ary tsy mahafantatra fotsiny aho.

52 Mandeha eo fotsiny aho, ary mandray ny Baiboly ka mipetraka, ary mipetraka eo mandra-panombok'Izany misokatra tahaka an'izany. Raisiko fotsiny ny peniko dia

manomboka manoratra. Ary mijanona eo, angamba mandritry ny ora maro, mandra-pahatongan'Izany—Izany hifarana.

53 Avy eo dia miverina aho, ary mitady, arak'izay ahitako hoe aiza no Nilazany an'Ity. Nieritreritra aho hoe, "Eny, toa efa nahita an'izany aho tany ho any." Alaiko ny konkordansako, mandeha mijery indray. "Misy ve ny zavatra tahaka an'Izany? Ary indro *eto* mihitsy Izany. Ary avy eo dia indro fa *eto* indray Izany. Ary indro fa *eto* Izany, ary *eto*, ary *eto*." Avy eo dia ampifamatorako miaraka fotsiny mihitsy Izany. Fantatro fa Andriamanitra izany, raha mbola mampitaha ny Soratra amin'ny Soratra foana Izany. Tahaka an'izany no tsy maintsy Ataony. Tahaka ny manambatra tranobe iray fotsiny, tsy maintsy mirindra ireo vato, isaky ny vato.

54 Ankehitriny, omaly hariva isika dia nanana ny fanokafana an'ilay—an'ilay Tombokase Fahatelo. Ny voalohany dia soavaly fotsy iray, ny manaraka dia soavaly mena iray, ary avy eo dia soavaly mainty iray. Ary hitantsika fa ireo mpitaingina dia ilay mpitaingina iray ihany, isan'andro; ary izany dia ny antikristy, eo am-panombohana. Izy dia tsy nanana sa—satroboninahitra, fa nahazo anankiray izy taty aoriana. Ary avy eo dia hitantsika fa nomena sabatra iray izy avy eo, mba hanaisotra ny fiadanana eo amin'ny tany, ary hitantsika fa nataony izany. Ary avy eo izy dia tonga niaraka tamin'ireo dogma an'ny fanomezana, ilay fiangonana miaraka amin'ny vola, tamin'ny alàlan'ny fandanjana venty iray ho an'*ity*, ary venty roa ho an'*itsy*. Saingy noraràna izy tsy hikasika an'ilay Diloilo sy ilay divay, izay nisy kely tavela.

55 Ary avy eo isika dia nanome, namarana omaly hariva, tamin'ny fanaovana kisarisary ny amin'ny hoe inona ilay Diloilo sy divay, ary inona ireo fiantraikany izay Nananany. Ary isika . . . Mety ho toy ny tsotra kely ilay izy, saingy izaho . . . izany marina tokoa no Fahamarinana. Hitanareo? Ankehitriny, isika dia namarana teo amin'ny . . . Ndao isika, vetivety fotsiny, hijery an'izany indray ankehitriny. Ary noho izany isika dia namarana, teo amin'ny fahefan'ny divay, naneho hoe inona ny Diloilo, Fanahy. Ankehitriny, ataoko fa nandray naoty an'izany rehetra izany ianareo. Hahita an'izany eo amin'ny horonam-peo ianareo, raha tsy nandray. Ary aiza no ahitana an'ireo Soratra, hoe, ny diloilo dia manao mari-pamantarana foana an'ny Fanahy Masina. Tahaka an'ireo virijiny adala tsy nanana Diloilo, ireo virijiny hendry nanana Diloilo, dia ny Fanahy Masina. Ary avy eo dia niverina, tao—tao amin'ireo—ireo mpaminany, sy ny sisa. Ary ankehitriny aho . . .

56 Mazava ho azy, tsy miezaka ny hamoaka ny Soratra rehetra ato aho. Ary misy ireo zavatra izay tsy azonareo resahana akory aza; hila fotoana betsaka izany. Fa miezaka aho ny hametraka eto, miaraka amin'ny Soratra sy ny sisa, ampy omena ny olona fotsiny mba hamela azy ireo hahafantatra sy

hahita ny sarin'Izany. Fa raha hipetraka miaraka amin'ny iray amin'ireo Tombokase ireo ianareo, nahoana, oadray, dia afaka haka toriteny isan-kariva mandritry ny iray volana ianareo, eo amin'io Tombokase io fotsiny, nefa tsy mbola mikasika Azy akory aza, hitanareo, eo amin'ny iray amin'Izy ireo. Ary izany dia hoe toy ny ahoana—toy ny ahoana no hahalehiben'Izany. Fa, mikasika fotsiny an'ireo faritra lehibe an'Izany, amin'izay fotoana izay ianareo dia afaka—afaka mahita ianareo hoe inona daholo ny mikasika an'Izany.

57 Ankehitriny, satria ny diloilo dia manao mari-pamantarana ny Fanahy Masina. Avy eo dia hitantsika fa ny diloilo sy ny divay dia mifandray ao amin'ny fanompoana, hitanareo, mifandray foana ao amin'ny fanompoana.

58 Ary ny divay, hoy aho, izay tonga tamiko, hoe ny divay dia manao mari-pamantarana fa izany no herin'ny—izany no herin'ny fampientanan'ny fanambarana. Hitanareo? Ary izany dia rehefa misy zavatra iray voambara. Izany dia manome fampientanana an'ilay mpino, satria voaseho tamin'ny alàlan'ny fanambarana ilay izy. Hitanareo? Izany dia zavatra iray izay nolazain'Andriamanitra. Izany dia zava-miafina iray; tsy mety azon'izy ireo Izany, hitanareo. Ary, afaka kelikely, dia midina Andriamanitra ka manambara an'Izany, ary avy eo dia manamarina an'Izany.

59 Tsarovy, raha voambara ny Fahamarinana, dia voamarina ihany koa ny Fahamarinana. Andriamanitra, tsy ankitsahatra, tsy mampaninona na mety ho manan-tsaina toy ny ahoana aza ilay olona, mety mamiratra toy ny ahoana izy ao amin'ny sainy; raha tsy Andriamanitra no manohana an'izay lazainy, dia misy zavatra tsy mety ao. Hitanareo? Marina. Satria, izany no Teny.

60 Ankehitriny, rehefa nandeha tany i Mosesy teo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, dia nanao hoe, "Aoka ho tonga ny lalitra." Tonga ny lalitra. Nanao hoe, "Aoka ho tonga ny sahona." Tonga ny sahona.

61 Hitanareo, ahoana moa raha nilaza izy hoe, "Aoka ho tonga ny lalitra," nefa tsy tonga izy ireo? Hitanareo, amin'izay fotoana izay izy—tsy niteny ny Tenin'ny Tompo izy, hitanareo; niteny fotsiny izy, niteny ny teniny manokana izy. Mety nieritreritra izy hoe tokony hisy lalitra eo. Fa, tsy—tsy nisy lalitra iray tonga, satria tsy niteny taminy an'izany Andriamanitra.

62 Ary rehefa miteny zavatra iray aminareo Andriamanitra, ka manao hoe, "Mandehana ianao manao an'*ity*, fa hiaraka amin'izany mihitsy Aho, satria izany No Teniko," ary maneho an'izany ao amin'ny Baiboly Izy, amin'izay fotoana izay dia manohana an'izany mihitsy Andriamanitra. Ary raha tsy voasoratra ao amin'ny Baiboly izany, dia manohana an'izany Andriamanitra, na ahoana na ahoana, raha Tenin'Andriamanitra izany. Hitanareo?

63 Ary amin'izay fotoana izay raha ankoatran'izany ilay izy, dia voambara amin'ireo mpaminany izany. Fantatsika fa ireo zavamiafin'Andriamanitra rehetra dia nampahafantarina an'ireo mpaminany, ary izy ireo irery ihany. Hitanareo, Amosa 3:7.

64 Ankehitriny, ankehitriny, ny herin'ny fanambarana dia mitondra fampientanana eo amin'ilay mpino. Satria, ny herin'ny divay, ny divay ara-boajanahary, dia mba hampientana. Hitanareo? Izany dia mba—mba hitondra olona iray, izay valaka tanteraka, ho eo amin'ny fampientanana iray. Hitanareo? Hitanareo? Eny, noho izany, ankehitriny, dia misy ny herin'ny fanambaran'ny Teny, izay manome ny fampientanan'ny fifaliana ho an'ilay mpino, fampientanan'ny fahafaham-po, ny fampientanana fa voamarina Izany, voaporofo Izany.

65 Izany dia antsoina, ao amin'ny Soratra, raha te-hanondro an'izany isika, hoe "divay vaovao." Tahaka an'izany foana no anondroantsika azy, hoe, "Mamon'ny divay vaovao ireo." Hitanareo? Eny àry. Na, "divay ara-panahy," heveriko, no ho fandikana tsara indrindra. Izany dia ho, an'ny "divay ara-panahy." Tahaka ny anambaran'ny divay ara-boajanahary ny tenany ao amin'ny hery mampientana, dia tahaka an'izany koa no ataon'ilay divay vaovao, raha manambara ny Tenin'Andriamanitra Izany, izay Fanahy. Oh! Ankehitriny dia misy ny . . . izany dia ny . . . Hitanareo, ny Teny Izy tenany dia Fanahy. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

66 Ndao isika hamaky an'izany. Ndao isika hamaky an'izany, Masindahy Jaona 6. Ndao fotsiny isika . . . Hia, amin'izay fotoana izay ianareo—amin'izay fotoana izay ianareo—tsy hilaza ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, olona iray no nilaza an'izany." Ndao isika—ndao isika hijery hoe Iza no nilaza an'izany, ary avy eo dia ho fantatsika raha izany no Fahamarinana, na tsia. Masindahy Jaona, ny toko faha-6. Ary ny toko faha-6, ary mino aho fa ilay izy dia ny enimpolo- . . . andininy faha-63, eny àry, heveriko fa izany ilay izy. Eny.

> *Ny fanahy no mahavelona; ny nofo* tsy mahasoa *na inona na inona: ny teny izay teneniko aminareo, dia fanahy izy ireo, ary fiainana izy ireo.*

67 Ny Teny Izy tenany dia Fanahy. Izany dia Fanahy ao amin'ny endrika Teny. Ary noho izany, hitanareo, rehefa novelomina Izany, na nentina ho amin'ny fiainana, dia manomboka miasa sy mihetsika ilay Fanahin'ny Teny. Hitanareo? Satria dia . . .

68 Jereo eto ankehitriny. Ny fisainana iray dia tsy maintsy ho fisainana iray alohan'ny ahafahany ho teny iray. Ary avy eo rehefa voaseho ny fisainana iray, dia teny iray izy. Ankehitriny, *ity* dia ny fisainan'Andriamanitra izay Napetrany tao amin'ny Teny. Ary avy eo rehefa mandray an'Izany avy Aminy isika, dia lasa Teny iray Izany.

69 Andriamanitra no nanambara tamin'i Mosesy an'izay hatao. Mosesy niteny azy, ary nitranga izany. Hitanareo? Izay ilay izy, rehefa avy amin'Andriamanitra marina tokoa izany.

70 Ankehitriny dia hitantsika, fa—fa Izany—Izany dia mampientana ary manome fifaliana Izany, satria Tenin'Andriamanitra Izany. Ary ny divay vaovao, ny divay vaovao dia mampientana an'ilay. . . rehefa manambara ny Teny Izany. Avy eo, dia mitondra fifaliana any ankoatry ny fatra, matetika. Efa nandalovantsika izany, hoe izany dia mitondra tena fifaliana hany ka lasa difotra ianareo.

71 Ankehitriny, fantatro fa misy ny fanatisma betsaka, ka manao hadalana ny olona. Fantatro matetika fa manao an'izany izy ireo rehefa mitsambikimbikina ambony sy ambany ny mozika, ary ny zavatra rehetra. Ary fantatro fa misy izany. Ary izaho—izaho dia mino an'izany, ihany koa. Saingy efa nahita olona aho tamin'ny andro rehefa, raha mbola milalao ny mozika, dia mitsambikina sy mihiakiaka ny olona; fa rehefa mijanona ny mozika, dia mijanona izy. Hitanareo? Mino aho. . . Eny, izany, mbola mety tsara foana izany, raha ny amiko, hitanareo, raha mbola miaina tsara foana ny olona. Ary. . .

72 Fa, ankehitriny, inona, rehefa manomboka mitondra ny Teny ianareo! Ankehitriny, izany ilay zavatra izay mitondra Aina marina tokoa, dia ny Teny, ary izany no mitondra ny fifalian'ny fampientanan'ny divay vaovao. Hitanareo? Eny. Ary izany ilay izy tamin'ny Pentekosta, rehefa voamarina ny Teny.

73 Jereo ankehitriny. Ankehitriny, Jesosy no niteny tamin'izy ireo, Lioka 24:49 hoe, "Indro, mandefa ny teny fikasan'Ny Raiko ho aminareo Aho; fa miakara ianareo any Jerosalema ary miandrasa mandra-paha." Inona ilay teny fikasan'ny Ray? Joela 2:28, nahoana, hitantsika fa, Izy dia "handatsaka ny Fanahy." Ao amin'ny Isaia 28:19, ahoana fa hisy "molotra miambakambaka, sy fiteny hafa," ary ireo zavatra rehetra ireo.

74 Niakatra tany izy ireo. Ary araka ny nandalovantsika teo amin'izany, angamba hoy ny anankiray hoe, "Eny, mino aho fa efa niandry ela be isika. Ndao fotsiny isika hanaiky an'izany amin'ny finoana." Foto-pampianarana Batista tsara iray izany, saingy tsy nety tamin'ireo rahalahy ireo.

75 Koa noho izany, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia tsy maintsy lasa zava-misy iray izany. Ary niandry ny asam-panompoany izy ireo, mba ho voamarina ny Teny. Ary rehefa tonga hikatsaka ny Fanahy Masina ianareo, dia manaova an'ilay zavatra iray ihany.

76 Eny, afaka manaiky an'izany amin'ny finoana ianareo. Tsy maintsy manaiky an'i Kristy amin'ny finoana ianareo. Marina tokoa izany. Ary manaiky ny Fanahy Masina amin'ny finoana ianareo; saingy avy eo dia avelao ho tonga ny Fanahy Masina ka hanome an'ilay famoràna, ho vavolombelona iray fa nanaiky

ny finoanareo Izy, hitanareo. Noho izany, hitanareo, "Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ary nisaina ho fahamarinany izany." Saingy nanome azy an'ilay famantaran'ny famoràna Andriamanitra, ho fanamarinana fa nanaiky ny finoany Izy.

77 Koa izany ilay zavatra iray ihany izay tsy maintsy ataontsika. Tsy maintsy miandry ny Fanahy Masina isika mandra-Panaony zavatra anankiray; tsy voatery hoe satria niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra isika, tsy satria hoe nandihy isika, na lasa ara-pientanam-po, nihiakiaka isika. Mandra-pahatongantsika ho novaina; mandra-pitrangan'ny zavatra anankiray marina tokoa! Tsy ahoako izay endrika ahatongavan'izany. Arak'izay nitrangany fotsiny, dia izay no zava-dehibe. Hitanareo?

78 Ary mino aho fa mety tsara ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ireo zavatra hafa ireo, saingy raha izany irery fotsiny ihany dia tsy hety. Ary fantatrareo fa tsy hety izany. Noho izany, dia tsy izany no manao an'ilay izy.

79 Efa nahita mpamosavivavy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, nahita mpamosavilahy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ary nandihy tao amin'ny fanahy. Azo antoka. Nametraka pensily ary nanoratra tamin'ny fiteny tsy fantatra izany. Ary nisy olona iray nandika azy, marina izany, ary niteny ny fahamarinana. Marina izany. Nanoratra marina tokoa an'izay nitranga, ary tahaka an'izany marina tokoa ilay izy. Nahita azy ireo nanipy vovoka teo amin'ny lohany, ary nandidy ny tenany tamin'ny antsy, ka nanarona an'izany rehetra izany tamin'ny ràn'osidia na zavatra iray, ary—ary, azo antoka, hitanareo, ary miantso devoly. Noho izany, hitanareo, izany tsy . . .

80 Ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tsy mahavita an'izany. "Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny Anjely aza aho, nefa tsy manam-pitiavana, dia tsy mahasoa na inona na inona amiko izany. Hitanareo, na dia afaka manao an'izany aza aho!" Hitanareo? Noho izany ireo zavatra ireo dia tsy midika fa manana ny Fanahy Masina ianareo.

81 Fa rehefa Izy, ilay Olona, ilay—ilay Fanahin'i Kristy tsy mety maty no lasa Mpamonjinareo manokana, ka manova anareo, ary mandefa ny fijerinareo mankany Kalvary avy hatrany sy amin'ity Teny ity, dia nisy zavatra nitranga. Eny, tompoko. Nisy zavatra nitranga. Tsy hisy olona hiteny anareo mikasika an'izany. Ho fantatrareo izany rehefa mitranga.

82 Ary ny divay vaovao, rehefa mitondra fanambarana izy, amin'izay fotoana izay Izany—voambara Izany.

83 Ary tahaka an'izany ilay izy tany amin'ny Pentekosta. Fantatr'izy ireo fa—fa natao hisy Fanahy iray hilatsaka eo amin'izy ireo, ka niandry mandra-pitrangan'izany izy ireo. Ary rehefa niseho ny fanamarinan'ny fanambarana, tamin'izay fotoana izay no teo amin'izy ireo ny fampientanana. Azo antoka

fa izany izy ireo. Izy ireo dia nangotraka, ihany koa. Izy ireo, teny an-dàlambe avy hatrany; nefa, natahotra izy ireo, ary nanidy an'ireo varavarana. Ary teny an-dàlambe izy ireo; nefa, natahotra vondron'olona iray; nitory ny Filazantsara tamin'izy ireo! Marina izany. Hitanareo? Nisy zavatra nitranga, satria voamarina ilay Teny marina an'ny teny fikasana.

84 Ankehitriny dia ndao isika hijanona eto iray minitra. Raha nitondra zavatra pozitifa tamin'ireo lehilahy ireo izany, ka izy ireo—izy ireo . . . Saiky ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanisy tombokase ny fanambarany tamin'ny ràny. Tsy mampaninona izay tonga, raha mbola velona foana izy ireo, dia tsy nihemotra tamin'Izany mihitsy. Nijanona teo izany, satria izany no Teny marina an'ny teny fikasana, voamarina. Lasa voamarina ilay fanambarana. Ary maty izy ireo, nanisy tombokase ny fanambarany tamin'ny ràny manokana.

85 Ankehitriny dia jereo ilay teny fikasan'ny andro farany. Ary eto isika dia mahita an'izany voamarina mihitsy eo anatrehantsika, ny—ny fahatongavan'ny Fanahy Masina ankehitriny sy ireo asa izay nasaina Nataony, ary hitantsika eo anivontsika mihitsy izany. Hitanareo? Oh, isika dia tokony . . . Oh, oadray! Ahoana no ahafahantsika mandre? Misy zavatra miseho, teneniko anareo, ry sakaiza! Rehefa ilay tena mpino, marina, tso-po, voafidy mialoha, rehefa midona eo amin'io voa io ilay Hazavana, dia misy zavatra mampivoaka Fiainana iray vaovao. Ilay vehivavy kely teo amin'ny fantsakana!

86 Nefa, hoy ireo mpisorona nianatra ireo hoe, "Eny, ny devoly izany. Izy dia mpanao hatsarana iray. Izy dia—manao hatsarana iray amin'ireo olona ireo izy. Ary izy dia—devoly iray izy."

87 Saingy, rehefa, io vehivavy kely niaraka tamin'ilay voa voafidy mialoha io! Ankehitriny dia mihevitra ve ianareo fa tsy marina izany? Fa hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona mahay manatona, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy; ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona." Ary Izy . . .

88 Ary ilay antikristy, amin'ireo andro farany, dia ho afaka . . . Io fanahin'ny antikristy izay ianarantsika io, ao amin'ny fanaovana anaram-piangonana, ary noporofoina fa ny fanaovana anaram-piangonana dia antikristy. Ankehitriny, ankoatran'izany, ny olona rehetra izay afaka miala eto tahaka an'izany, izy, misy zavatra tsy mety ao, ary mbola mino foana fa tsy antikristy ny rafitra ara-anaram-piangonana. Nefa, voaporofo tanteraka izany, avy tamin'ny tantara, avy tamin'ny zavatra rehetra izay misy, manerana ny Baibolin'Andriamanitra mihitsy sy ny zavatra hafa rehetra, fa antikristy izany. Ary Roma no lohan'izany. Ary manaraka fotsiny ireo fiangonana zanakavavy. Ary izy roa ireo dia atsipy ao amin'ny helo. Marina izany. Noho izany dia hitantsika io zavatra io, antikristy, ilay fanahin'izany.

89 Ary ny andro izay iainantsika, sy, nahoana, izany dia tokony hitondra "fifaliana tsy hay lazaina sy feno voninahitra." Ilay vehivavy antitra kely, vantany vao nandona azy izany, oadray, dia nivoaka ilay voa!

90 Ankehitriny, tsarovy, milaza ny Baiboly, fa amin'ny andro farany, hoe ity antikristy ity dia "hamitaka an'izao tontolo rehetra izao."

91 Hisy vitsy an'isa iray fotsiny ihany, ireo izay manana ny anarany voapetraka eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary rehefa mandona an'io fo io ilay fanamarinana marina an'ny Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra voambara, dia handona an'ilay rano izy, ary ho any miaraka amin'ny Fanahy Masina, haingana mihitsy arak'izay vitany. Ary tsy afaka manajanona azy tsy hanao an'izany ianareo, satria nivoaka ilay Aina vaovao.

92 Niresaka tamin'ny olona iray aho, vao tsy ela akory izay, izay niezaka hiady hevitra tamiko, ka nanao hoe, "Tsy menatra ve ianao milaza fa Andriamanitra dia namorona ny lanitra sy ny tany tao anatin'ny telo andro?" Izaho . . . Na, " . . . tao anatin'ny enina andro?"

Hoy aho hoe, "Izany no nolazain'ny Baiboly."

93 Hoy izy, "Eny, manana porofo izahay ary afaka manaporofo fa izao tontolo izao dia efa nisy an-tapitrisany taona."

94 Hoy aho hoe, "Tsy misy idiran'izany. Ao amin'ny Genesisy 1:1, dia Izao no voalaza hoe, 'Tamin'ny voalohany Andriamanitra namorona ny lanitra sy ny tany.' Teboka! Izay ihany, hitanao. 'Ankehitriny izao tontolo izao dia tsy nisy endrika, ary foana.'" Dia hoy aho hoe, "Mino aho fa ny voa tsirairay dia efa nandry tao mihitsy, avy tamin'ny fandrosoana hafa iray na zavatra iray. Ary vantany vao nisinda ny rano, ka nandona an'izany ny hazavana, dia nipoitra ireo hazo sy ny zavatra rehetra."

95 Ary tahaka an'izany ihany ny amin'ny olombelona, dia tandindona iray. Rehefa ny—ny—niala ny zavona rehetra, ka ilay Fahamarinana voambara tamin'io voa izay nandry tao io, no mbola lonaka, ary afaka mandona an'izany amin'ny alàlan'ny fanamarinana marina an'ny Teny ilay Hazavan'ny Filazantsara, dia ho velona izy. Manana Aina izy ao anatiny. Hino izy. Ankoatr'izany, dia tsy afaka ho velona izy; tsy manana Aina izy ao anatiny.

96 Ny anaran'izy ireo izay efa napetraka eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia azo antoka fa ho avy mihitsy tahaka ny zavatra rehetra. Ary izany no antony ipetrahan'i Jesosy Eo sy iandrasany miaraka amin'ny Asam-panelanelanany, hatramin'io voa farany io. Ary ho Fantany marina tokoa hoe rahoviana izany no handona.

97 Tahaka an'i Dr. Lee Vayle . . . Ataoko fa mbola ato amin'ny fivoriana foana izy any ho any. Tsy nahita azy aho nandritry ny andro maro. Tsy mino aho fa mahita azy. [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Eto izy."—Mpand.] Eto izy. Eny, indray andro izy dia nandefa an'ity tapa-taratasy ity ho ahy, mikasika an'izay nolazain'i Irenée. Eny, izaho dia nandray an'i Irenée, nandritry ny fotoana ela, ho ny anjelin'ny taona izay nisy azy. Saingy hoy izy hoe, "Rehefa miditra io mambra farany an'ilay Vatana io," ao amin'ity taona farany ity, "dia tokony . . . dia ho voambara ilay zavatra amin'io fotoana io." Ary eto izany. Tena marina tokoa izany. Hitanareo? Ao amin'ilay andro isika. Eny àry.

98 Noho izany, dia nanana fifaliana tondraka ny Pentekotista. Tena voaentana marina tokoa izy ireo. Heveriko, fa manentana ny olona rehetra izany.

99 Ndao isika haka vetivety fotsiny. Ndao isika hieritreritra ny amin'i Davida. Izy—izy dia tena voaentana, ihany koa. Hoy izy hoe, "Ny kapoakako dia feno mihoatra." Mino aho fa izy dia tena nanana za—zava-nitranga lehibe teo amin'ny fiainany. Inona, inona no nahatonga azy nanao an'izany? Rehefa tao amin'ny Fanahy izy . . . Satria, mpaminany iray izy. Fantatsika fa izany izy. Ny Baiboly no niteny an'izany. Davida mpaminany, ankehitriny, satria mpaminany iray izy, ary tao amin'ny Fanahy, ka nahita ny fitsanganana. Raha te-hamaky an'izany ianareo, izany dia ao amin'ny Salamo 16:8 hatramin'ny 11. Hoy izy hoe, "Koa nampifaliana ny nofoko. Oadray! Izaho—mitoetra amin'ny fanantenana aho, satria tsy hahafoy ny fanahiko ao amin'ny helo Ianao; na hamela Ny Iray Masinao hahita ny fahalòvana Ianao." Ary teneniko aminareo, fa feno nihoatra ny kapoakany, satria nahita izy. Tsy mampaninona izay nisy; oh, nahita ny fitsanganana izy, ary marina tokoa fa izy dia . . . ary feno nihoatra ny kapoakany.

100 Izao koa, Davida dia nanana kapoaka hafa iray feno nihoatra, ao amin'ny Samoela Faharoa, (satria manana ny pensilinareo ianareo), Samoela Faharoa 6:14. Nisy ny haintany iray.

101 Nentin'izy ireo ny fiara. Niditra ny fahavalo ka naka ny fiaran'ny Tompo, ary nentin'izy ireo izany ary napetrany teo anoloan'i Dagona, ka lavo tamin'ny tavany i Dagona. Dia nentin'izy ireo nankao amin'ny tanàna hafa iray izany, ka namely ireo vay. Izany dia . . . Izany no zavatra nahamay indrindra izay hany nananan'izy ireo teo amin'ny tànany, tany. Ary tsy afaka nanala an'izany izy ireo, satria tsy teo amin'ny toerany ilay izy.

102 Ankehitriny, rehefa nametraka an'izany teo ambonin'ny saretin'omby izy ireo, dia nanomboka niverina. Ary rehefa nahita ny fiara niverina i Davida, dia fantatrareo ve izay nataony? Izy—tena feno izy, ka feno nihoatra ny kapoakany;

ilay fampientanana! Rehefa nahita ny Teny voambara indray tao Isiraely izy, dia nandihy tao amin'ny Fanahy, ary nihodina tanteraka, nihodina, nihodina, nihodina, nihodina, tahaka an'izao. Hia. Tena feno nihoatra ny kapoakany, hitanareo. Nahoana? Nahita ny Teny niverina izy.

103 Ary heveriko fa izany dia hanao ny olona rehetra ho voaentana kely rehefa mahita izy ireo, taorian'ireo taona rehetra ireo; ary avy eo dia ilay Teny marina, amin'ny alàlan'ny teny fikasana izay naha-izy azy, dia nentina sy voamarina. Fotoana iray toy ny inona! Fotoana iray toy ny inona!

104 Ndao isika hamaky ankehitriny. Izaho—raha miresaka foana aho, dia tsy ho tonga eto amin'ity, ary hihazona anareo rehetra eto hatramin'ny folo sy sasany. Namela anareo hivoaka aloha aho omaly hariva, noho izany dia tokony hihazona anareo fotoana ela tsara iray aho izao hariva izao. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hia. Hia. Tsia, mamazivazy anareo fotsiny aho. Hitanareo? Izaho dia . . . Mila fotsiny arak'izay hitarihan'ny Tompo fotsiny isika ankehitriny.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase fahefatra, dia reko ny feon'ny zava-manan'aina fahefatra nanao hoe, Avia . . . jereo.*

105 Ankehitriny, "Rehefa nanokatra ny Tombokase Fahefatra ny Zanak'ondry." Ndao isika hijanona eo ankehitriny. Ny Tombokase Fahefatra, ankehitriny, Iza no nanokatra Azy? Ny Zanak'ondry. Nisy olon-kafa iray mendrika ve? Tsy nisy anankiray hafa afaka nanao an'izany. Tsia. Ny Zanak'ondry no nanokatra ny Tombokase Fahefatra.

106 Ary ny—ny Zava-manan'aina fahefatra, ilay Zavatra manan'aina tahaka ny voromahery iray, dia nanao tamin'i Jaona hoe, "Avia, jereo hoe inona ilay zava-miafina fahefatra an'ny drafi-panavotana, izay nafenina ao anatin'ity Boky ity," satria ny Zanak'ondry no nanokatra Azy. Amin'ny teny hafa, dia izany no nolazainy. "Misy zava-miafina fahefatra eto. Efa naneho taminao aho, tao amin'ny mari-pamantarana. Ankehitriny, ry Jaona, dia tsy fantatro na azonao Izany, na tsia." Fa, nanoratra an'izay hitany izy, saingy zava-miafina iray izany. Noho izany, dia nanoratra an'izay hitany izy.

107 Novahan'ny Zanak'ondry ireo Tombokase, fa mbola tsy nanambara an'Izany Andriamanitra. Izany dia navela ho an'ireo andro farany. Hitanareo? Ankehitriny, efa nanana an'ireo mari-pamantarana isika, ary efa namotopototra an'izany, ary tena nahavita tsara matetika, hitanareo. Saingy fantatsika fa manohy mandeha hatrany Izany. Fa ankehitriny, amin'ny andro farany, dia afaka mijery any aoriana isika ka mahita hoe taiza Izany. Ary natao ho vita izany, hoe, amin'ny faran'ilay taom-piangonana, mialoha indrindra ny Fampakarana.

108 Ahoana no ahafahan'ny olona iray hanao an'ilay Fiangonana handalo amin'ny Fahoriambe, tsy fantatro. Fa nahoana Izy no tsy maintsy handalo amin'ny Fahoriambe, nefa Izy tsy manana—tsy manana fahotana iray? Ny tiako lazaina . . . Tsy ny fiangonana no tiako lazaina; ny fiangonana dia handalo amin'ny Fahoriambe. Fa miresaka mikasika ny Ampakarina aho. Ny Ampakarina, tsia, Izy dia tsy manana fahotana iray manohitra an'Izany, mihitsy. Efa voaala tasy izany, ka tsy misy akory aza ny—ny . . . Tsy misy akory aza fofona iray an'izany, sy na inona na inona tavela. Tanteraka izy ireo, eo anatrehan'Andriamanitra. Noho izany dia Fahoriambe inona no hanadiovana azy ireo? Fa ireo hafa no diovina. Ny fiangonana no handalo amin'ny Fahoriambe, fa tsy ny Ampakarina.

109 Ankehitriny, vao avy nandray an'izany isika ankehitriny tao amin'ireo karazana mari-pamantarana rehetra ankehitriny. Tahaka ny—ny fiangonana, Noa, ilay tandindon'ny nentina, nivoaka nankao amin'ny fahotana. Hitanareo, ankehitriny, tena nandalo izy ireo. Fa, lasa aloha i Enoka, izany no tandindon'ireo olo-masina izay niditra, ary talohan'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe.

Ankehitriny dia hitantsika, fa ity Zanak'ondry ity no nanokatra ny Tombokase.

110 Ankehitriny, ny Zava-manan'aina voalohany hitantsika, raha mahamarika ianareo, ny Zava-manan'aina voalohany hitantsika, dia ny . . . Ny Zava-manan'aina voalohany dia liona iray, Zavatra manan'aina iray; nahita an'izany ao amin'ny bokin'ny tom- . . . an'ireo taom-piangonana. Ary avy eo ny Zava-manan'aina faharoa, mino aho, dia ny—ny tavan'omby iray, na zanak'omby iray. Ary ny Zava-manan'aina fahatelo dia tavan'olona iray. Fa ny Zava-manan'aina fahefatra dia tavam-boromahery iray. Ankehitriny dia izany marina tokoa no nahitantsika azy ireo, mifandimby tahaka an'izany marina mihitsy. Ary tahaka an'izany marina tokoa aza no nametrahana azy ireo eto amin'ilay Boky eto.

111 Ary noho izany tahaka ny mpampianatra malaza iray, indray mandeha tany Florida, nampianatra, nilaza fa—fa ilay . . . fa, "Ny Bokin'ny Asa dia tsotra fotsiny ho—ho fitaovam-pandrafetan-trano ho an'ilay—ho an'ilay Fiangonana. Ilay Fiangonana dia hita ao anatin'ireo Filazantsara efatra."

112 Nefa hitantsika, ny mifamadika amin'izany, fa ireo Filazantsara efatra no miambina ny Bokin'ny Asa. Avy amin'ireo Filazantsara efatra ireo no nanoratana ny Bokin'ny Asa, ireo asan'ny Fanahy Masina tao amin'ireo apostoly. Ary hitantsika, ao amin'ilay Boky, fa ireo mpiambina ireo dia nipetraka teo niambina; atsinanana, avaratra, andrefana, ary atsimo. Tsaroanareo ve hoe ahoana no nanaovantsika sary an'izany teto?

Ary tsara tarehy sy tanteraka toy ny ahoana no ahatongavan'ny zavatra rehetra eo amin'ny toerany!

113 Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika. Hoy izy, "Avia ka jereo." Jaona . . . Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika indray, alohan'io. Ankehitriny, ity eto ity no farany amin'ireo mpitaingina, mba hanambara ny asan'ilay antikristy.

Rahampitso hariva, dia mikasika an'ireo fanahy eo ambanin'ny alitara.

Ny hariva manaraka, dia ireo fitsarana.

114 Ny hariva manaraka, dia ilay fandehanana, an'ny—an'ny fiafaran'ilay taona, fiafaran'ny andro, an'ireo zavatra rehetra, hitanareo, rehefa nakarina Izy. Noho izany, ao amin'io Tombokase Fahafito io avy hatrany, miraraka ireo Lovia, ary nararaka ireo zavatra hafa rehetra. Inona izy ireo, tsy fantatro.

115 Mariho. Fa ankehitriny, eo amin'ity eto ity, dia hitantsika fa ity olona eto ity dia voromahery iray, ity lehilahy ity izay . . . na ity Zavatra manan'aina izay miseho eto ity ankehitriny. Na, amin'ny teny hafa, dia misy taona efatra samihafa an'Izany. Nisy ny taona iray an'ny liona. Ary, hitantsika, fa ity dia ny taona fahefatra.

116 Ary hoy izy hoe, "Avia ka jereo ny zava-miafin'ilay Bokin'ny Fanavotana, izay nafenina ao amin'ity Boky ity. Avia, jereo." Ary nandeha i Jaona mba hijery, ary nahita soavaly hatsatra iray izy. Ary, izao koa, ilay mpitaingina iray ihany no eo ambonin'ity soavaly hatsatra ity.

117 Ankehitriny dia manana anarana iray izy antsoina hoe Fahafatesana. Mariho ankehitriny. Tsy nisy ny mpitaingina iray hafa, na tsy nisy soavaly hafa, na tsy nisy fotoana izay hany nandehanan'ity mpitaingina ity, tsy nanana izy ireo; tsy nanana anarana io lehilahy io. Fa ankehitriny izy dia antsoina hoe Fahafatesana. Tsy voalaza izany. Hitanareo? Voambara izy ankehitriny. Ny maha-izy azy dia fahafatesana.

118 Eny, ahoana fa afaka maharitra eo amin'izany isika mandritry ny toriteny iray, ka manao azy ho tena mazava! Fa ny zavatra rehetra izay anti, izay manohitra an'ilay tena izy, dia tsy maintsy ho fahafatesana izany. Satria, lohahevitra roa ihany no misy, izany dia, Fiainana sy fahafatesana. Ary izany no manaporofo fa ny fanambaran'ny Fanahy Masina an'ity, amin'izao andro izao, dia ny Fahamarinana marina tokoa. Ny anti, izy dia ny fahafatesana. Satria, ny Teny, araky ny ho hitantsika eto any aoriana, dia Fiainana. Hitanareo?

119 Ary ity lehilahy ity dia antsoina hoe Fahafatesana. Ankehitriny, tsy voalaza mihitsy izany tamin'ireo fotoana hafa, ny amin'ity mpitaingina ity. Fa, manomboka izao, ankehitriny dia voalaza izy, fa izy dia antsoina hoe Fahafatesana.

120 Fa teo ambanin'ny fanambaran'ny liona . . . Diniho ankehitriny. Ankehitriny dia tiako ny hamaky tsara an'ity, mba hahazoako antoka; nandray naoty ny sasany tamin'ilay toerana, toerana eto. Teo ambanin'ny, tsy teo ambanin'ny fanambaran'ny taonan'ny liona, na ilay taona voalohany, ilay taona voalohany, dia tsy voambara Ity. Ilay taona manaraka dia ny taonan'ny omby, dia ilay taona maizina, ilay taona antenantenany, dia tsy voambara hoe inona Izany. Na ilay lehilahy tahaka ny Zava-manan'aina koa aza, an'ny fahendrena, maneho an'ireo mpanavao, Luther sy Wesley sy ny sisa, tsy voambara Izany. Fa tao amin'ny taonan'ny voromahery, ilay taona farany, ilay taona ara-paminaniana, izay tsy maintsy hisehoan'ny fitenenana ara-paminaniana, hitanareo, izay ahatongavan'ireo tsiambaratelo foana! Ankehitriny dia eo mihitsy isika . . .

121 Haharitra kely eo amin'izany vetivety isika, izao hariva izao, mba hahazoanareo tsara mihitsy. Ankehitriny, tao amin'ny ankamaroan'ny fotoana, fantatrareo, ireto . . . Tsy miresaka amin'ity vondrona eto ity fotsiny aho. Mandeha hatraiza hatraiza ireto horonam-peo ireto, hitanareo, ka tsy maintsy manao an'ilay izy hazava aho. Satria, hanana horonam-peo anankiray ny olona iray, nefa avy eo, raha tsy manana ny sisa amin'izy ireo izy, dia hisavily tanteraka izy ireo, hitanareo. Andriamanitra no nampanantena an'Ity, hitanareo, ho an'ity andro ity, ho an'ilay farany, mamarana an'ireto zavatra samihafa izay niseho sy nifangaro ireto. Isika dia . . .

122 Efa nanana an'ireo lamban'i Elia isika. Efa nanana an'ireo akanjon'i Elia isika. Oh, efa nisy ireo olona izay . . . John Alexander Dowie dia milevina eto, nirakotra tao anatin'ny—ny akanjo iray. Nilaza izy fa izy no Elisa. Ary efa nanana an'ireo karazan-javatra rehetra tahaka an'izany isika. Inona izany, na ahoana na ahoana? Manaisotra Fahamarinana iray fotsiny ihany izay tsy maintsy ho voaseho izany. Hitanareo? Efa nanana an'ireo kristy sandoka izy ireo talohan'ny andron'i Jesosy. Hitanareo? Manao an'izany foana izy ireo. Satana izany, maneho fisandohana iray, mba hanakorontana ny saina sy ny finoan'ny olona, alohan'ny hitrangan'ilay zavatra tokoa. Izay ihany.

123 Tsy nilaza an'ilay zavatra iray ihany tamin'ireo Jiosy tamin'izany andro izany ve i Gamaliela? Nanao hoe, "Tsy efa nisy lehilahy iray niseho ve, nilaza ho Io? Ary nitondra efajato tany an-efitra izy ireo. Levona izy ireo, sy ny sisa."

124 Hoy Izy, "Ny sampana rehetra izay tsy nambolen'Ny Raiko any An-danitra," hoy Jesosy, "dia hongotana."

125 Hoy i Gamaliela hoe, "Avelao izy ireo hipetraka tsara. Raha izy ireo, raha tsy avy amin'Andriamanitra izany, dia tsy ho lasa tsinontsinona ve izany? Fa raha avy amin'Andriamanitra izany, dia ho hita fa manohitra an'Andriamanitra ianareo." Nampiasa fahendrena ilay lehilahy. Mpampianatra iray izy.

126 Mariho ankehitriny. Ankehitriny, mba hamaranana an'ireo zava-miafina rehetra ireo, dia nampanantena Andriamanitra fa hisy Elisa tena izy iray hiseho, lehilahy iray voahosotr'io Fanahy io, ary izy no hanambara. Izy no nampanantena an'izany ao amin'ny Malakia 4. Ary manana naoty sy taratasy aho izay milaza fa tsy izany ilay izy, saingy tiako ny hiresaka amin'io olona io. Hitanareo? Nahoana, tsy afaka mandà an'izany ianareo. Ny teolojiana rehetra tena izy, tsara dia mahafantatra fa tsy maintsy ho izany no Fahamarinana, izay andrasan'izy ireo.

127 Saingy tahaka an'ilay fomba iray ihany mihitsy izay nahatongavany tamin'ny alàlan'i Jaona, ilay mpialoha làlana ny fotoana voalohany an'i Kristy. Nahoana, tsy nahafantatra azy izy ireo, satria efa nisy zavatra tena lehibe naminaniana ny aminy. Nahoana, izy no tsy maintsy "hanao ny toerana avo rehetra ho lasa iva, ary ny toerana iva rehetra ho lasa avo, ny toerana saro-dàlana rehetra ho lasa malama." Ary, oh, izy . . . Ireo mpaminany: Isaia, roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny nahaterahany; ary Malakia, efajato taona talohan'ny nahatongavany teo amin'ny sehatra; izy rehetra ireo dia naminany ny aminy. Ary nanantena làlantsara iray avy tany An-danitra hampidinina izy ireo, nefa ity mpaminany ity dia nandroso avy hatrany niaraka tamin'ny tehiny teny an-tànany, avy tamin'Andriamanitra.

128 Ary inona no nitranga? Olona iray izay ianareo . . . tsy afaka nampiseho kara-piombonana iray akory aza. Tsy afaka nampiseho taratasy fanendrena iray izy. Nijanona tany an-efitra; tsy nisy fahaizan-tsekoly tsotra iray akory aza. Nilazana isika, tamin'ny alàlan'ireo mpahay tantara, fa lasa nankany an-efitra izy fony izy sivy taona, taorian'ny fahafatesan'ny rainy sy ny reniny. Ary natsangana . . . Tena lehibe loatra ny asany, ka tsy handany fotoana amin'ny seminera iray. Izy dia—tsy maintsy hanambara ny Mesia izy.

129 Tsy afaka mampiasa olona iray rakotry ny teolojia tanteraka Andriamanitra. Izy dia tsy afaka manao an'izany, satria hiverina foana izy. Izany no laharan'ny fianarany. Hiverina amin'izany izy. Noho izany, raha mandeha izy mba hahita zavatra iray, dia miezaka ny hiverina amin'izay nolazain'ireo mpampianatra izy. Ho tsaratsara kokoa raha miala lavitra an'ireo zavatra ireo ianareo, ka mino an'Andriamanitra fotsiny.

130 Ary hitantsika fa diso azy izy ireo. Na dia ireo apostoly izay nitsangana teo aza, dia diso azy. Nahoana, hoy izy ireo hoe, "Nahoana ny Soratra no milaza, ireo mpanora-dalàna, no milaza fa Elias . . . "

131 Hoy Izy hoe, "Eny, efa tonga izy, fa ianareo no tsy nahafantatra azy."

132 Ary eo no ampitoviako ny fitsanganana, na ny Fampakarana. Handeha izany, fa izy ireo dia . . . Fantatro fa toa hafahafa izany.

Saingy hahafantatra kely kokoa angamba ianareo aorian'izao hariva izao, raha sitraky ny Tompo, hoe ho toy ny ahoana marina izany, hitanareo. Ho tena tsiambaratelo izany, tsy hisy olona hahafantatra mikasika an'izany, saiky. Hihevitra fotsiny izao tontolo izao, hanohy handeha avy hatrany tahaka ny efa nataony foana, hitanareo, ary izao fotsiny . . . Tahaka an'izany foana no Anaovany an'ilay izy.

133 Fantatrareo, misalasala aho raha iray—iray . . . Ataoko hoe, ampaha-sivifolon'ny iray isan-jaton'ny olona teto an-tany, no mba nahafantatra fa teto Jesosy Kristy fony Izy teto. Fantatrareo ve, rehefa naminany i Elia, dia misalasala aho raha saiky nisy olona mba nahafantatra fa izy no . . . Fantatr'izy ireo fa nisy masiaka iray teo, fanatika antitra iray, saingy nankahala azy izy ireo. Azo antoka. Izy no antsoin'izy ireo hoe ilay mahatsikaiky.

134 Ary heveriko, fa ny Kristiana iray nateraka indray dia karazana mahatsikaiky iray, ho—ho an'izao tontolo izao, satria novaina ianareo. Avy amin'ny tontolo hafa iray ianareo. Avy teny am-pitan'ilay hantsana ny Fanahinareo. Ary ity zavatra eto ity dia tena korontana tanteraka . . . Noho izany, raha ianareo dia—raha tsy hafa ianareo, dia misy zavatra tsy mety ao; ianareo, tena voafatotry ny tany foana ianareo. Tokony ho fisainan-Danitra ianareo. Ary ny Lanitra dia mivelona amin'ny Teny.

135 Ankehitriny, mahamarika isika fa ity—niseho ity zavatra lehibe ity. Ankehitriny, mino isika fa tsy maintsy hisy ny fahatongavan'ilay Fanahin'i Elisa marina. Voalaza mialoha fa hisy izany, hitanareo. Ary tsy maintsy mahatsiaro isika fa ho eto izany, ao amin'ny vanim-potoany sy ny fotoany manokana. Mety eo am-pametrahana fototra iray ho an'izany isika ankehitriny. Ary izany tsy . . . tsy ho rafi-pandaminana.

136 Izaho—tsy mifanaraka amin'ny sakaizako tsara iray aho, eo amin'izany. Izy dia milaza fa ho vondron'olona iray izany. Tiako ianareo haneho amiko an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra. Andriamanitra, ilay Andriamanitra tsy miova, dia tsy manova an'ireo Drafiny mihitsy. Raha manova Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy Andriamanitra Izy; marina izany, satria mety maty iray Izy, ary mahafantatra tahaka ny ahafantarako fotsiny Izy, ary manao fahadisoana Izy.

137 Tsy nanova ny Drafiny mihitsy Andriamanitra, hatramin'ilay tena fotoana tao amin'ny sahan'i Edena mihitsy. Nanao drafitra iray ho an'ny fanavotana Izy; izany dia ny Rà. Ary nanandrana ny fianarana isika. Nanandrana ny fanaovana didy jadona isika. Nanandrana ny fianarana momba ny saina isika. Nanandrana ny fanaovana anaram-piangonana isika. Nanandrana ny zavatra rehetra isika, mba hanosika ny olona rehetra hiaraka, na tia ny olona rehetra hiaraka, sy ny zavatra hafa rehetra. Tsy misy toeram-piombonana

hafa afa-tsy eo ambanin'ny Rà, anefa, ny toerana tokana izay ihaonan'Andriamanitra amin'ny olona.

138 Mifanaraka amin'ny isam-batan'olona iray foana Andriamanitra. Ny olona roa dia manana hevitra roa. Tsy nisy mpaminany lehibe roa mihitsy teto an-tany, naminany tamin'ny fotoana iray ihany. Mijere any aoriana ka jereo raha nisy. Tsia, tompoko. Mifanjevo be loatra! Tsy maintsy maka lehilahy anankiray izay nanolo-tena tanteraka Izy, ary mampiasa an'io olona io. Mitady an'io olona io Izy.

139 Fa hisy anankiray, indray andro any, olona iray izay hihaino Azy, Teny amin'ny Teny. Tsy ahoako izay lazain'ny olon-kafa, tsy hiala amin'Izany mihitsy izy ireo. Marina izany. Izy ireo dia hiandry ny HOY NY TOMPO HOE. Ary, amin'izay fotoana izay, dia tsy hihetsika izy ireo mandra-pahatongan'izany. Ho tena voamarina marina tokoa izy. Ianareo dia . . .

140 Ankehitriny, dia hankahala an'izany ilay izao tontolo izao any ivelany, fa ilay Voa voafidy, ilay Voa voafidy mialoha, tahaka ny tamin'ny andron'i Jesosy, rehefa nanjelatra io Hazavana io, dia ho tonga amin'ny Fiainana io Voa io tahaka an'*izao*. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Ho fantatr'izy ireo Izany. Ho azon'izy ireo Izany. Tsy hila hilaza teny iray mikasika an'Izany ianareo.

141 Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa Mpaminany Ianao. Fantatro fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no natao . . . "

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

142 Ry tovolahy, izay, izay dia ampy. Tsy nila niandry ny alina manontolo izy, ary niandry ny alina manaraka. Azony teo no ho eo Izany. Teny amin'ny làlany izy. Niteny tamin'izy ireo mikasika an'Izany izy.

143 Tsarovy ankehitriny, ankehitriny, tao amin'ny taona voalohany dia taonan'ny liona iray. Izany no Lionan'ny fokon'i Joda, Kristy. Ny fitaoman'ny Fiainany Manokana, no nitondra an'io taona io. Izany ilay *Zava-manan'aina* voalohany, izay midika hoe "Hery," izay namaly tamin'ny alàlan'ny feon'olombelona.

144 Ny taona manaraka dia taonan'ny omby, na ilay taonan'ny mpitaingina soavaly mainty. Hitanareo?

145 Ankehitriny, ny antony hoe taona fotsy io taona voalohany io, dia hoe . . . Tahaka—tahaka ny nandrenesako olona foana milaza fa io mpitaingina voalohany io, ilay fotsy, dia ny herin'ny fiangonana, izay nandroso mba handresy. Ary hitantsika fa nomena satroboninahitra iray izy, hoe izany ilay izy. Ny fiangonana izany. Ny fiangonana izany, saingy nandeha nankaiza izy? Nandeha tany Roma. Tany no nandehanany. Nandray ny satroboninahiny izy.

146 Ankehitriny, ilay taona faharoa dia ny—dia ny mpitaingin-tsoavaly mena iray, izany dia ilay taona maizina.

147 Ary ankehitriny—ankehitriny, ilay—ilay taona manaraka, dia ny—ny olona, an'ilay taona izay nisy ny mpitaingin-tsoavaly mainty. Ary izy no taonan'ireo mpanavao, hitanareo, rehefa ilay—ilay Feo izay niteny. Ankehitriny, ilay mpitaingin-tsoavaly mainty, izany no antikristy. Fa ilay Anankiray izay niteny tao amin'io taona io dia voaseho ho toy ny olona, ary izany dia fahendrena, manan-tsaina, lalin-tsaina. Hitanareo? Ary tsy azon'izy ireo izany, hitanareo. Izy ireo tsy niantso . . . Tsy nanome anarana azy izy ireo. Hitanareo? Nilaza fotsiny izy ireo hoe nandroso izy.

148 Fa ankehitriny, rehefa mandroso ilay taonan'ny voromahery, dia izany ilay anankiray izay . . . Andriamanitra dia mampitovy foana an'ireo Mpaminaniny amin'ny voromahery. Miantso ny Tenany ho voromahery iray Izy. Ny voromahery dia mandeha tena avo, tsy misy na inona na inona hafa afaka mikasika azy. Tsy hoe eny ambony eny fotsiny ihany izy, fa namboarina ho amin'izany toerana izany izy. Rehefa miakatra eny izy, dia afaka mahita an'izay misy azy. Miakatra eny ny olona sasany nefa tsy afaka mahita an'izay misy azy ireo, noho izany dia tsy mahasoa ny miakatra eny. Fa raha ianareo . . .

149 Fa avelao ny goaika iray hanandrana hanidina miaraka amin'ny voromahery iray, na papango iray, na ny anankiray, fa hiparitaka izy. Tokony ho feno hery manosika izy ho any amin'izay andehanany.

150 Izany ilay olana amin'izao andro izao, tsy feno hery manosika ny sasany amintsika. Mipoaka haingana loatra isika, hitanareo, rehefa mitsambikina. Ary, nefa, tokony ho feno hery manosika isika.

151 Rehefa miakatra eny ambony eny ianareo, ka manana an'ilay masom-boromahery matsilo, mba hahita an'izay ho avy, sy hahafantatra an'izay hatao. Ankehitriny, ny taonan'ny voromahery no nanambara an'Izany. Ankehitriny dia hitantsika, fa ny taonan'ny voromahery dia nampanantenaina ao amin'ny Apokalypsy 10:7 sy ao amin'ny Malakia . . . :1, 4. Fa amin'ny andro farany, hitanareo, marina izany, dia ho eto izany. Eny àry. Mariho.

152 Ankehitriny, ity lehilahy ity, hitantsika fa mitaingina eo ambonin'ny soavaly hatsatra iray izy. Hatsatra! Oh, oadray! Taorian'ny, mariho taorian'ny . . .

153 "Protestanta valo amby enimpolo tapitrisa," araka ny nalaintsika avy—avy tao amin'ny *Glorious Reform* an'i Schmucker, an'ny—an'ny tantaran'ny maritioran'i Roma, omaly hariva. Hitantsika fa, hatramin'ny faran'ny 1500, mino aho fa izany ilay izy, na valo ambin'ny folo- . . . tsy tsaroako marina tokoa ankehitriny. Fa valo amby enimpolo tapitrisa no

novonoina ho faty, nanohitra ny fiangonana Romana voalohany, Roma. Tsy mahagaga, afaka nanao ny tenany ho olona izy tao amin'ny anaran'olona hoe . . . ary nantsoina hoe Fahafatesana. Azo antoka fa izany izy.

154 Ankehitriny, Andriamanitra irery ihany no mahafantatra hoe firy no nataony maty ara-panahy, tamin'ny alàlan'ny fampianarany anti-Biblika, -Teny! Io no anankiray izay nanao valo amby enimpolo tapitrisa teo amin'ny sabatra, ka namono azy ireo. Ary angamba, ara-bakiteny, dia an-davitrisany no maty ara-panahy, teo amin'ny fampianarany sandoka. Tsy mahagaga raha afaka nahazo anarana hoe Fahafatesana izy!

155 Hitanareo ve ilay mpitaingina? Tamin'ny voalohany, amin'ny maha-antikristy, dia fahafatesana izy, eo am-panombohana; fa tsy nanan-tsiny izy tamin'izany. Avy eo dia nandray satroboninahitra iray izy, anankiray telo sosona; ary rehefa nandray izy, tamin'izay fotoana izay dia niray izy, nampiray ny fiangonany sy ny fanjakany i Satana, satria izy no teo ambonin'izy roa ireo tamin'izany. Satana no antikristy, ao amin'ny endrika lehilahy iray.

156 Ary avy eo, ihany koa, Masindahy Matio, mino aho fa izay ilay izy, ny toko faha-4, no miteny amintsika an'izany—an'izany. Satana no nitondra an'i Jesosy, Tompontsika, niakatra, ka naneho Taminy an'ireo fanjakan'izao tontolo izao, izy rehetra, tao anatin'ny fe-potoana iray, sy ny voninahitr'izy ireo, nanolotra an'ireo ho Azy. Ary nilaza izy . . . Izy ireo, izy ireo dia azy.

157 Koa, hitanareo, arak'izany, fa raha afaka mampiray ny fanjakany sy ny fiangonany miaraka izy, amin'izay fotoana izay dia afaka nandeha ilay mpitaingin-tsoavaly mena, tena azo antoka. Hitanareo? Marina tokoa! Ankehitriny, noho izany, dia hitantsika ny zava-miafiny eto, ao amin'ny fiangonany sy ny fanjakany.

158 Ny dingana fahefatry ny asam-panompoany, izy dia antsoina hoe ny bibidia. Voalohany izy dia antsoina hoe ny antikristy, hitanareo; avy eo izy dia antsoina hoe ny mpaminany sandoka; ary izy dia antsoina hoe ny bibidia. Ankehitriny dia hitantsika izy eto fa antsoina hoe ny bibidia. Ankehitriny, dia tiako ianareo hanamarika, io dia aorian'ilay soavaly fahefatra.

159 Ary ao amin'ity soavaly fahefatra ity, raha hanamarika ianareo, ny rehetra . . . Ilay anankiray voalohany dia fotsy; ary avy eo ilay anankiray manaraka dia mena; ary ilay anankiray manaraka dia mainty; ary ilay anankiray fahefatra, ireo telo hafa rehetra ireo dia voaseho ao amin'izany; satria, ny hatsatra dia mena sy—sy fotsy, sy ny sisa, mifangaro miaraka. Hitanareo? Izy . . . Izany—izany rehetra izany dia nifangaro tao amin'ity soavaly anankiray ity. Hitanareo? Ary eo dia lasa efatra izy, na,

marina tokoa, ny telo ao amin'ny anankiray. Ary izany rehetra izany dia nifangaro tao amin'ity zavatra anankiray ity.

160 Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika ny efatra amin'izy ireo. Mariho ilay any ivelan'ny isa, ny efatra, amin'ireo matematika ara-panahy. Andriamanitra dia ao amin'ny telo. Ity dia efatra. Ao amin'ny efatra izy, eto. Voalohany, antikristy, fotsy; faharoa, mpaminany sandoka, mena; fahatelo, vikeran'ny lanitra sy ny tany ary—ary ny afo fandiovana, mainty; fahefatra, ny bibidia, soavaly hatsatra, Satana voaroaka avy tany An-danitra. Tianareo ve ny hamaky an'izany? Apokalypsy 12:13, Satana voaroaka avy tany An-danitra. Avy eo dia ao amin'ny Apokalypsy 13:1, 8, nitsofoka tao anatin'ilay olon'ny bibidia izy.

161 Ny antikristy izy aloha, izao fotsiny—fampianarana iray fotsiny nantsoina hoe Nikolaita; avy eo izy dia lasa, avy teo amin'io, ho mpaminany sandoka iray. Raha antikristy iray izy, antikristy dia *manohitra*. Ny zavatra rehetra izay manohitra ny Tenin'Andriamanitra dia manohitra an'Andriamanitra, satria ny Teny dia Andriamanitra. "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia tonga nofo, Kristy, ka nonina teo anivontsika." Ary ankehitriny dia manohitra ny Teny izy, noho izany dia lasa antikristy. Fa tsy afaka asiana satroboninahitra ny fanahy iray; izany no antony tsy nandraisany satroboninahitra iray. Tsipika iray fotsiny, tsy nisy zana-tsipika.

162 Ary avy eo rehefa tonga izy, ilay fotoana fanomezana satroboninahitra, tamin'izay fotoana izay dia lasa ny mpaminany sandoky ny fampianarany antikristy izy. Azonareo ve ilay izy? Avy eo dia mahazo sabatra iray izy, satria akambany miaraka ireo fahefany, noho izany dia tsy mila manontany na iza na iza izy. Izy no governoran'ny fanjakana; izy no governoran'ny Lanitra. Mandray satroboninahitra telo sosona. Manao hevitra iray samirery antsoina hoe "afo fandiovana." Amin'izay, raha—raha maty ny sasany tamin'izy ireo tany aoriana tany, ka manam-bola izy ireo, te-handoa vola hivoahan'izy ireo, dia afaka mivavaka ho azy ireo hivoaka avy ao amin'izany izy. Satria, manana fahefana hanao an'izany izy; *vikera* iray izy. Izany tokoa, izany izy. "Maka ny toeran'Andriamanitra izy, eto an-tany." Raha tsy mazava tahaka ny zavatra rehetra izany!

163 Hitantsika izany, namoaka an'izany, tamin'ny alàlan'ny Baiboly, ary nanisa ny isan'ny isany sy ny zavatra hafa rehetra. Eto izy dia . . . ? . . . eto mihitsy ao amin'ny isa efatra, tsy isa telo. Isa efatra, hitanareo.

164 Ndao isika hamadika, Apokalypsy 12. Ndao fotsiny isika hamaky kely fotsiny, satria isika—hanana fotoana hanaovana an'izany isika. Ary ndao isika hamaky ny Apokalypsy ny—ny toko faha-12 ary ny andininy faha-13. "Ary tamin'izany ora

izany ihany dia nisy horohorontany lehibe . . . " Tsia, izaho dia nahazo—izaho dia nahazo an'ilay toerana diso. Ny faha-13:

> *Ary rehefa hitan'ilay dragona fa izy dia voaroaka* ho amin'*ny tany, dia nanenjika an'ilay vehivavy izay niteraka ny zazalahy izy.*

165 Ankehitriny, hitanareo, voaroaka izy, ho amin'ny tany, ary lasa nitsofoka, satria lasa nitsofoka tao anatin'ny lehilahy iray ilay fanahy antikristy. Niova avy tamin'ny zavatra iray ho amin'ny iray hafa io lehilahy io, avy amin'ny fanahy antikristy iray mankany amin'ny mpaminany sandoka iray, ary avy eo dia miditra ao anatiny ny bibidia.

166 Tahaka ny fitomboan'ilay Fiangonana marina tokoa; ny fiangonany dia lasa avy tamin'ny—avy tamin'ny antikristy ho mpaminany sandoka, ary, ao amin'ilay taona lehibe ho avy, dia ny bibidia izay tsy maintsy hitsangana. Noho izany, ilay Fiangonana dia tonga tahaka an'izany ihany, amin'ny alàlan'ny fanamarinana, fanamasinana, ary ny batisan'ny Fanahy Masina, dia Kristy ao amin'ny olona, marina tokoa. Ary izy no nanao ny tandindona mialoha an'Izany tany, ilay . . . hitanareo, ny tandindon'Izany, raha ny marina. Io izy, marina tokoa. Izy io. Voaroaka avy tany An-danitra izy.

167 Ankehitriny dia hitantsika, ao amin'ny Apokalypsy 13:1 hatramin'ny 8.

> *Ary nitsangana teo amin'ny* fasiky *ny ranomasina aho, ka nahita bibidia iray niakatra . . .*

168 Ankehitriny, ity ny 12, izay naha-voaroaka azy. Diniho ankehitriny.

> *. . . nahita bibidia iray niakatra avy tamin'ny ranomasina, nanana loha fito sy tandroka folo, ary teo amin'ny tandrony nisy diadema folo, ary teo amin'ny* lohany *nisy anaran'ny fitenenan-dratsy.*
>
> *Ary ilay bibidia izay efa hitako dia tahaka ny leoparda, ary ny tongony . . .*

169 Oh, raha nanana fotoana fotsiny isika ankehitriny, dia haka ny sisa amin'ny hariva, eo amin'ireo mari-pamantarana eo ireo mihitsy, ka haneho, hampihatra an'izany eo aminy mihitsy indray. Ny rehetra, saiky ianareo rehetra dia mahafantatra an'izany, avy tamin'ireo lesona hafa.

> *. . . dia . . . tongotry ny bera, ary ny vavany . . . dia vavan'ny liona: ary ilay dragona* nanome *azy ny heriny, . . . sezany, . . . ary . . . fahefany.*

170 Hah! Satana nitsofoka! Hitanareo?

> *Ary hitako ny anankiray tamin'ireo lohany izay toy ny . . . voaratra ho faty; . . .*

171 Ary manohy midina, araky ny andehanantsika, raha tianareo ny hanohy, rehefa manana anjara iray hanohy hamaky ianareo. Tsia, ndao isika—ndao isika hamaky kely fotsiny.

Ary hitako ny anankiray tamin'ireo lohany toy ny efa *voaratra . . . faty; nefa sitrana ny feriny saiky nahafaty azy: ary gaga ny tany rehetra nanaraka an'ilay bibidia.*

172 Dinihonareo fotsiny! Aza mandinika ny kominisma mihitsy ianareo. Tsy misy afa-tsy fitaovana iray fotsiny izy, miasa eo an-tànan'Andriamanitra, hanampy anareo indray andro any hanao, "hamaly faty ny rà," araka ny ho hitantsika rahampitso hariva. Hitanareo?

Ary nanompo an'ilay dragona izy ireo . . .

173 Iza ilay dragona? Satana. Marina ve izany? "Ilay dragona mena." Eny àry.

. . . izay nanome ny fahefana ho an'ny bibidia (eo no andraisany ny heriny, hitanareo): *ary nanompo an'ilay bibidia izy ireo, nanao hoe, Iza no tahaka ny bibidia? iza no mahay miady aminy?*

Dia nomena vava miteny zavatra lehibe izy an'ny fitenenan-dratsy; *ary nomena* ho *azy ny fahefana hanohy roa amby efapolo volana.*

Ary nanokatra ny vavany tamin'ny fitenenan-dratsy nanohitra an'Andriamanitra izy, (Eo ianareo izao, hitanareo. Eny àry.) *. . . mba hiteny ratsy ny anarany,* (manome azy titra iray) *. . . ny tabernakeliny* (izay toeram-ponenan'ny Fanahy Masina), . . .

174 Manao toerana iray an'izany any Roma, Tanànan'i Vatican iray. Afaka manohy midina fotsiny ianareo:

. . . ary ireo izay mitoetra any an-danitra.

175 Niteny ratsy azy ireo, tamin'ny filazana fa mpanelanelana izy ireo.

Ary nomena azy ny hiady tamin'ireo olo-masina (ary niady izy), *sy handresy azy ireo* (nandresy izy): . . .

176 Nandoro azy ireo teo amin'ny tsato-kazo! Nanao azy ireo ho sakafon'ny liona! Ary namono azy ireo tamin'ny fomba rehetra izay vitany!

. . . ary nomena ho *azy ny fahefana amin'ny fokom-pirenena rehetra, . . . fiteny, ary firenena.*

177 Tsy lasa tahaka an'izany mihitsy izy tao Roma raha tsy efa nivadika ho Roma papaly i Roma mpanompo sampy, ka nihitatra nankany amin'izao tontolo izao ny herin'ny Katolika, nanao an'ilay fiangonana Katolika maneran-tany.

Ary izay rehetra monina ambonin'ny tany dia hanompo azy, dia ireo manana ny anarany izay *tsy voasoratra ao amin'ny boky . . .*

178 "Aza mikasika Ny Diloiloko sy ny divaiko!" Hitanareo?

Ary izay rehetra monina ambonin'ny tany dia hanompo azy, dia ireo izay manana ny anarany izay *tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry izay voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao.*

Raha misy olona manana *sofina, aoka izy hihaino.*

Izay nitarika mankao amin'ny fahababoana dia handeha ao amin'ny fahababoana: izay mamono amin'ny sabatra dia tsy maintsy ho vonoina amin'ny sabatra. Indro ny faharetana sy . . . ny finoan'ny olo-masina.

179 Ankehitriny, nahita azy tonga isika, omaly hariva, niaraka tamin'ny sabany lehibe, mba hamono.

180 Hitantsika fa izy dia vonoina amin'ny sabatra, ihany koa, ny sabatry ny Teny. Ny Tenin'Andriamanitra, maranitra, sabatra roa lela, no mamono azy, mandavo azy mihitsy. Miandrasa mandra-pahatongan'ireo Kotrokorana Fito hampandre ny Feony ho an'io vondrona izay afaka mandray marina tokoa ny Tenin'Andriamanitra io ka manolotra an'Izany eo, Izany dia handidy sy hanapaka. Ary afaka manidy ny lanitra izy ireo. Afaka manakatona an'*ity*, na hanao an'*itsy*, na inona na inona tian'izy ireo. Voninahitra! Ho vonoin'ny Teny izay miloaka avy amin'ny Vavany izy, izay maranitra noho ny sabatra roa lela. Afaka miantso lalitra zato lavitrisa taonina izy ireo raha tiany. Amena. Na inona na inona lazain'izy ireo, dia hitranga izany, satria Izany no Tenin'Andriamanitra avy amin'ny vavan'Andriamanitra. Hia. Amena. Andriamanitra, isan'andro, Izany No Teniny, saingy mampiasa olona foana Izy hanetsika an'Izany.

181 Afaka niantso an'ireo lalitra ireo Andriamanitra, tany Egypta tany, saingy hoy Izy hoe, "Mosesy, asanao izany. Hiteny aminao an'izay hatao fotsiny Aho, fa ianao no mandeha manao an'ilay izy." Nataony tanteraka tokoa izany. Hitanareo? Izy—Izy dia afaka nifidy ny—ny masoandro hiantso azy ireo, afaka nanao ny volana hiantso an'izany Izy, na ny rivotra hiantso an'izany. Saingy, Izy—hoy Izy hoe, "Mosesy." Izany—izany dia . . . Izy dia mifidy olona. Eny àry.

182 Ankehitriny dia hitantsika eto, fa ity Satana ity, rehefa avy noroahina avy tany An-danitra, dia nanatsofoka ny tenany tao anatin'ilay bibidia. Ary ankehitriny dia bibidia iray izy; antikristy, mpaminany sandoka, ary ankehitriny dia bibidia. Ary nomena anarana hoe Fahafatesana! Ary ny Helo manaraka azy! Satana feno, eo ambonin'ny seza fiandrianany! Oh, oadray! Eto an-tany, dia Satana izy, solontena, eto an-tany, hoe izy ankehitriny no lohan'ny fanjakan'izao tontolo izao, ireo tena fanjakana iray ihany mihitsy izay natolony ho an'ny Tompo

Jesosy ao amin'ny Matio 4. Lasa mpanjaka feno iray i Satana ankehitriny.

183 Ankehitriny, io dia mitranga any aoriana. Mpaminany sandoka izy ankehitriny. Ho lasa bibidia izy, afaka kelikely, rehefa manapaka ny fanekeny amin'ireo Jiosy any. Fantatrareo hoe ahoana isika . . . Eny àry, mariho ankehitriny, homena fombibidia iray izy, amin'io fotoana io, ka hanatsofoka ny tenany i Satana. Satria, rehefa miakatra ilay Fiangonana, dia roahina i Satana. Hitanareo? Hitanareo? Tapitra ilay izy, amin'izay fotoana izay, izany dia, ny fiampangany rehetra dia tapitra. Hitanareo? Ankehitriny, raha mbola . . .

184 Jereo, raha mbola eo amin'ny Seza fiandrianana foana ilay Mpanelanelana, dia afaka mitsangana eo i Satana ary miampanga, satria izy no mpisolovava an'ilay ilany hafa. Izy no mpifanandrina amin'i Kristy. Ary Kristy dia . . . Izy dia mijoro eo, ilay—ilay—mijoro eo ilay mpifanandrina, manao hoe, "Fa, andraso! Lavo i Adama! Adama nanao an'*ity*! Resiko izy. Vitako ny nanao ny vadiny hino lainga iray. Ary Ianao no nilaza fa ho voaozona izy noho izany. Vitako ilay izy!"

185 Saingy indro mitsangana eo ilay Mpanelanelana, amena, ilay Havana Mahavotra, amena, mitsangana eo miaraka amin'ny Rà izay afaka maka ny fon'ilay mpanota ratsy indrindra ka manova an'izany. Eo ambonin'ny Seza fiandrianana ilay Mpanelanelana. Eny, tompoko.

Hoy Satana hoe, "Fa meloka izy ireo!"

Afaka milaza Izy hoe, "Tsy meloka izy ireo."

186 Ilay Clorox izay noforonina io, na namboarina, mba hanala ny pentimpentina, manala ny lokon-dranomainty na ny pentimpentina hafa rehetra. Manana an'izany izy ireo. Izany no hanaparitaka an'izany hany ka tsy hahita an'izany intsony indray ianareo. Miverina mankany amin'ireo entona izany, ary hatrany amin'ny hazavana kosmika any aoriana any. Ary mihoatra an'ireo molekiola sy ny zavatra hafa rehetra, hany ka miverina any amin'ilay tany am-boalohany izay nihaviany izany. Famoronana iray izany. Tsy maintsy . . . Ny famoronana iray, izany dia tsy maintsy avy tamin'ny Mpamorona iray. Fa ireo simika rehetra izay namboarina ary napetraka niaraka, dia miparitaka izy ireo, ary izay fotsiny ihany ny amin'izany. Tsy misy intsony ny amin'izany. Na dia ilay tena—ilay tena vaingan-drano mihitsy aza, dia mifangaro amin'ilay Clorox, izay lavenona.

187 Amena! Voninahitra ho an'Andriamanitra! Madio tanteraka izany. Izany no ataon'ny Ràn'i Jesosy Kristy amin'ilay zanak'Andriamanitra marina, rehefa miaiky an'io fahotana io izy ka mitsangana eo, voamarina ao amin'Ny . . . Mamindrà fo! Mamindrà fo! Tena lehibe mihitsy aza izany hany ka hoy

Andriamanitra hoe, "Tsy afaka mahatsiaro an'izany intsony mihitsy aza Aho. Ary tena Zanako tanteraka tokoa izy."

188 "Marina tokoa, Lazaiko aminareo, raha milaza amin'ity tendrombohitra ity ianareo hoe 'mifindrà,' ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino an'izay nolazainareo, ianareo . . . dia hiseho izany. Afaka manao an'izay nolazainareo hisy ianareo." Zanaka iray navotana ianareo. Amena! Fantatro fa marina izany.

189 Efa nahita vontsira niseho aho tany, in-enina samihafa, nefa fantatro, fa tsy hisy anankiray hipetraka teo. Izy fotsiny dia . . .Izy dia afaka mamorona vontsira tahaka ny Ahafahany mamorona lalitra, na sahona, na zavatra hafa. Izy, Andriamanitra Izy, ilay Mpamorona. Marina! Ary nefa tsy misy mety maty . . .

190 Fa rehefa voaaiky ny fahotan'io mety maty io ka natsoboka tao anatin'io Clorox io, an'ny fanalana tasin'i Jesosy Kristy, dia manala tasy ny fahotana rehetra Izany. Madio tanteraka tsy mifangaro izy, tsy manana fahotana, tsy manana fahadisoana. "Izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota, satria tsy mahay manota izy." Mitsangana eo anelanelany sy Andriamanitra ilay fanalana tasy. Ahoana no mba ahafahan'izany ho tonga eo, nefa izany no manaparitaka azy sy mamerina azy avy hatrany mankany amin'ilay anankiray izay namadika azy! Amena!

191 Fioo! Mahatsapa ho mpivavaka aho. Izaho—teneniko aminareo, mahazo fampientanana aho ankehitriny arakaraky ny anombohan'ity manambara.

192 Mariho, Satana feno, eo amin'ny seza fiandrianany. Eny, tompoko. Nanolotra an'izany ho an'Andriamanitra, nanolotra an'izany ho an'ny Tompontsika. Indro izy, mipetraka eo, miaraka amin'io fom-biby io ao anatiny. Ankehitriny, indro ilay olona, ilay bibidia, ilay devoly nitsofoka. Manao ny fisehoany eto antany eto izy, eo ambanin'ny fihamboana sandoka. Oh, oadray, mamindrà fo! Eo ambanin'ny fihamboana sandoka ny Teny marina, no anakambanany ny tenany amin'ny Teny.

193 Izy dia nanao an'ilay zavatra iray ihany izay ny—nataon'ny tandindony, dia i Jodasy, roa arivo taona lasa izay. Inona no nataony? Niditra i Jodasy, amin'ny maha-mpino iray, nefa devoly iray hatrany amin'ny voalohany. "Teraka ho zanaky ny fahaverezana izy." Tsy nahatosika na inona na inona teo amin'i Jesosy izy, satria efa Fantany hatramin'ny tena voalohany mihitsy izy; amena, satria Izy no Teny. Eny àry. Ary, tsarovy, Jodasy dia naka ny toerana ho mpitahiry vola, ary lavon'ny vola.

194 Toy izany koa no ataon'ilay fiangonan'izao andro izao! Ilay fiangonana Katolika, araka ny nomarihantsika omaly hariva, mampandoa vola ny neuvaine, mampandoa vola ny vavaka, ary mampandoa vola ny zavatra rehetra. Saiky mitovy ihany, ary nametraka an'ilay zavatra iray ihany tamin'ireo zanakavavin'ny fiangonana Katolika, dia ireo Protestanta. Voarakotra tanteraka

ao anatin'ny vola ny zavatra manontolo. Teo no nahalavo an'i Jodasy, ary eto no nahalavo azy, ary eo no mahalavo an'ireo Protestanta.

195 Diniho, mitaingina soavaly hatsatra iray raha miseho eo amin'ny fitaingenany izy, ity fitaingenana farany ity. Eo amin'ny farany izy ankehitriny. Ankehitriny, io dia tsy amin'ny androntsika. Ho any aoriana io. Izany dia ny Tombokase, voalaza mialoha. Satria, hitanareo, efa nakarina ilay Fiangonana rehefa mitranga io. Rehefa miseho eto ambonin'ny tany eto Kristy, ho—ho—ho. . . Miseho ity lehilahy ity, ary lasa tanteraka, tanteraka hoe ny devoly; avy tamin'ny antikristy, midina hatrany, mandalo amin'ny mpaminany sandoka, avy eo ao amin'ny bibidia, ny devoly izy tenany. Ary mitaingina eo ambonin'ny soavaly hatsatra iray izy, voaloko tanteraka, ary mifangaro amin'ny karazana loko rehetra, mba hanao azy ho hatsatra sy an'ny fahafatesana.

196 Fa rehefa miseho eto ambonin'ny tany ny Tompontsika, dia hitaingina eo ambonin'ny soavaly iray fotsy toy ny oram-panala Izy. Ary Izy dia ho tanteraka mihitsy, feno, ilay Imanoela, ny Tenin'Andriamanitra mitsofoka ao anatin'ny Lehilahy iray. Hitanareo? Izany fotsiny dia hoe fahasamihafana firy no misy eo amin'izy ireo. Izany ilay fahasamihafan'izy ireo.

197 Mariho, ilay antikristy dia eo ambonin'ny soavaly hatsatra iray, ireo loko mifangaro. Ny soavaly iray dia biby anankiray izay maneho hery iray. Mifangaro tanteraka ny heriny. Nahoana? Izany dia ireo politika, izany dia—izany dia ireo herim-pirenena, izany dia ireo herim-pivavahana, izany dia ireo herin-demony. Izany dia ireo karazana hery rehetra nafangaro miaraka, mifangaro iray, izany no soavaly hatsatra. Manana an'ireo karazana hery rehetra izy.

198 Fa rehefa tonga Jesosy, izany dia eo amin'ny soavaly miloko anankiray feno, ny Teny. Amena!

199 Ity anankiray ity dia manafangaro ny lokony, ny mena, fotsy, mainty; loko telo ao amin'ny anankiray, voaseho ao amin'ny anankiray. Ary hery telo voaseho ao amin'ny anankiray; ny soavaly fotsy, ny soavaly mainty, soavaly mena. Ary satroboninahitra telo, ao amin'ny anankiray. Hitanareo? Azo antoka.

200 Efa nahita an'ilay satroboninahitra aho, ny tenako; nitsangana, oh, akaiky tahaka an'*izao* ka nijery an'izany. Tsy afaka namela ahy hikasika azy, noho ny fitaratra, teo amboniny. Noho izany dia teo izy, lakile goavana iray no teo amboniny, nipetraka tao anatin'ny tranon-javatra iray: satroboninahitra telo sosona. Noho izany dia fantatro fa izany no fahamarinana. Ah-hah. Noho izany dia teo izy, satroboninahitra telo sosona, vikera: ny lanitra, ny afo fandiovana, ary ny tany.

201 Hery telo mikambana miaraka, hitanareo, ny rehetra mifangaro ao amin'ny loko iray, hatsatra. Ny fahafatesana voateny ao anatin'ilay zavatra manontolo; ara-politika, sy—sy ara-pivavahana, ary—ary ireo herin-demony, mifangaro miaraka. Ny politika, izy no mpanjakan'ny politika, Satana izany. Manan-tsaina! Fioo! Azo antoka. Aza manandrana ny hametsifetsy azy. Izao fotsiny—matokia ny Tompo fotsiny. Izay ihany.

202 Araka ny efa, ny rehetra, nanehoako azy tany aloha. Ny rehetra manan-tsaina, fianarana sy ireo zavatra tahaka an'izany, dia avy amin'ilay lafiny ratsy. Araho manerana ny Soratra fotsiny izany, jereo raha marina izany. Araho ireo zanak'i Kaina dia jereo hoe lasa inona izy ireo. Avy eo dia araho ireo zanak'i Seta, jereo hoe inona izy ireo. Tsy hoe manohana ny tsi-fahaizana aho, tsia tokoa. Tsia, tompoko. Fa raiso ny olona rehetra, saiky, an'ny Baiboly, tena mahalana . . .

203 Ary nisy anankiray nantsoina hoe Paoly, izay lehilahy iray manan-tsaina, ka nilaza fa tsy maintsy nanadino ny zavatra rehetra izay fantany izy, mba hahafantarana an'i Kristy. Hoy izy hoe, "Tsy tonga aminareo miaraka amin'ireo teny mamitaka avy amin'ny fahendren'olona mihitsy aho, fa tonga aminareo amin'ny Herin'ny fitsanganan'i Kristy." Marina izany, ny Herin'ny Fanahy Masina!

204 Jereo ireo hafa. Ny sasany amin'izy ireo aza dia tsy mahafantatra akory ny tànana havanana amin'ny havia. Ary—ary, oh, jereo manerana ny taonan'ireo mpaminany, sy hoe avy taiza izy ireo, sy ny sisa. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

205 Hitanareo, manan-tsaina iray izany, mahay, ary fahendrena. Ny fahendrena no ilay tena zavatra marina tokoa izay mampanalavitra anareo amin'Andriamanitra.

206 Nanana hery telo izy, na telo—fahefam-pitsarana telo: ny tany, ny Lanitra, ary ny afo fandiovana.

207 Izy dia, izy tenany, trinite iray. Izany no nanaovana azy. Ary mitaingina ao anatin'ny trinite iray izy. Ny heriny dia ao anatin'ny trinite iray. Ny satroboninahiny dia ao anatin'ny trinite iray. Ny soavaliny dia ao anatin'ny trinite iray. Izany no maha-izy azy, trinite iray; herin'ny trinite iray, satroboninahitry ny trinite iray, soavaly (fitaingenana) an'ny trinite iray; izany hoe ireo asany, efatra iray indray, hitanareo, efatra iray indray. Eny àry.

208 Dingana telon'ny asam-panompoany, manao azy ho olona iray, Satana nitsofoka. Dingana telon'ny asam-. . . antikristy, mpaminany sandoka, ary bibidia. Ireo telo ireo, dia manao tandindona, hitanareo. Ankehitriny dia misy tandindona telo, ankehitriny, izay manao azy.

209 Andriamanitra, Andriamanitra dia mampahafantatra ny Tenany, ihany koa, ao amin'ny rano, Rà, Fanahy; izay manao

Kristiana iray ho zanak'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra. Hitanareo? Ary *ireo* hery telo ireo no manao azy ho devoly iray. Hitanareo? Oh, Ity eto ity, dia rano, Rà, ary Fanahy, izay avy amin'Andriamanitra. Ary *itsy dia* politika, fivavahana, ary herin-demony, mifangaro miaraka, izay manao azy ho ny devoly.

210 Ny Fihavian'i Kristy voalohany, mety maty iray. Tonga intelo Izy. Kristy ao amin'ny telo. Hitanareo? (Diniho hoe ahoana no ahatongavany; izy dia ny efatra.) Diniho Kristy. Fihaviana Voalohany, tonga mety maty iray Izy, mba hivoa-drà sy ho faty. Marina ve izany? Izany no Fihaviany voalohany. Ny Fihaviana faharoa dia ny Fampakarana; mitsena Azy eny amin'ny lanitra isika, tsy mety maty. Ny Fihaviany fahatelo, dia Izy no ilay Andriamanitra nitsofoka. Amena! [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Andriamanitra, Imanoela, mba hanjaka eto an-tany! Marina izany, telo ihany.

211 Ny dingana fahefatr'ilay mpitaingina, diniho. Ny dingana fahefatr'ity mpitaingina ity dia antsoina hoe Fahafatesana. *Fahafatesana* dia midika hoe "Fisarahana Mandrakizay amin'Andriamanitra." Izany no dikan'ny fahafatesana, tafasaraka Mandrakizay amin'Andriamanitra.

212 Ankehitriny, raha nametraka an'ity olona ity isika, ry kilasy, raha naneho tamin'ny alàlan'ny Baiboly isika, hoe iza io olona io; ary naka an'ireo havoana mihitsy aza isika, ny toerana sy hatraiza hatraiza, ny antsipiriany marina tokoa, nanohy hatrany mihitsy. Ary ankehitriny izy dia antsoina, tamin'ny alàlan'ilay voromahery hoe, "Fahafatesana." Izany no Iantsoany azy. Tsarovy, eto, hitanareo, ny fahafatesana dia fisarahana Mandrakizay.

213 Tsarovy, tsy maty ireo olo-masina. Matory izy ireo, fa tsy maty. "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay." Marina izany. "Tsy ho tonga amin'ny fitsarana; efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana. Izaho no Fitsanganana sy Fiainana," hoy Jesosy. "Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona. Ary na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mihitsy." Lazarosy, maty ve? "Matory izy."

214 "Aza matahotra, tsy maty ilay zazavavy, fa matory." Nihomehy Azy fatratra izy ireo. Marina ve izany? Oh, oadray! Hitanareo, tsy maty ireo olo-masina.

215 Ny fisarahana amin'Andriamanitra dia fahafatesana, fahafatesana Mandrakizay. Ary ity olona ity dia antsoina hoe "Fahafatesana," noho izany dia ialao lavitra izy. Inona izy? Voarafitra iray, rafitry ny rafi-pandaminana; ilay voalohany, nomerao iray, fiangonana, voarafitra, ary rehefa nandray ny—ny fahazoan'i Constantin izy, tao amin'ny Fivoriamben'i Nise.

216 Nitondra an'ireo vehivavy ireo isika, omaly hariva, ka naneho hoe ahoana fa i Eva, ilay ampakarina voalohany, talohan'ny hany nandehanan'ny vadiny nankeo aminy, dia lavo izy, nohon'ny tsi-finoana ny Tenin'Andriamanitra tao Edena. Ilay ampakarina ara-panahy izay naterak'i Kristy tamin'ny Andron'ny Pentekosta, talohan'ny Nahafahany nandeha nankeo aminy, dia inona no nitranga? Lavo izy, tao Roma. Inona? Nanary ny fahadiovany tamin'ny Teny, ho an'ny dogma. Amena. Oh, oadray!

217 Izaho—izaho—mahatsapa ny fampientanana tonga eo amiko indray aho, eny, tompoko, mieritreritra fa izany dia . . . Tsy manao fanahy iniana mihetsika toy ny adala aho. Tsy fanahy iniako izany. Fa izaho fotsiny . . . Tsy fantatrareo hoe inona no ataon'izany amiko. Nijanona tao amin'ity aho nandritry ny efatra andro ankehitriny. Izao fotsiny . . . ary ilay izy fotsiny dia tsy maintsy milaza zavatra iray aho, mba hamerina kely ahy hahatsapa ho olombelona indray. Fantatrareo izay tiako lazaina. Hia. Eny àry. Rehefa manomboka miresaka tahaka an'izany, dia mahita an'ireo fahitana miseho manerana an'ilay toerana rehetra ianareo. Marina izany. Hitanareo, izany no antony ilazako zavatra iray mba hamerina ny tenako indray, sy hamoaka indray. Hitanareo?

218 Efa mba nahamarika ahy ve ianareo rehefa manana laharan'ny famantarana aho? Hilaza zavatra iray aho, hanao ny olona hihomehy; avy eo dia hilaza zavatra iray aho, hanao ny olona hitomany; avy eo dia hilaza zavatra iray aho, hanao azy ireo ho tezitra. Manana zavatra iray dinihina aho. Ary hilaza zavatra iray aho, mba hahita hoe ahoana no ataon'izany, amin'izay fotoana izay dia hitako hoe karazana hazavana inona no eo ambonin'izy ireo, izay miseho. Avy eo dia fantatro hoe aiza no misy azy, ary fantatro na miantso Izany na tsia. Raha tsy izany ilay izy . . . Raha mipetraka eo, ny mpino tena izy iray, dia mety tsara. Miantso azy ireo ianareo, avy eo, dia manao hoe, "Ianao, *Ranona-sy-ranona*." Hitanareo.

219 Ary rehefa miditra ianareo, ka manomboka manosotra ny Fanahy, amin'izay fotoana izay dia manomboka mahita an'io mipiapiaka io tonga hatraiza hatraiza, hitanareo, tahaka an'izany, manodidina, manodidina ny efitra. Noho izany, dia izany no antony ilazako zavatra iray, mba hamerina kely indray, hanomboka vaovao indray, hitanareo.

220 Hatramin'ny Alahady lasa, dia nipetraka tao amin'ny efitra iray fotsiny aho, nivavaka fotsiny, izay ihany, ary teo ambanin'ny hosotra. Ary fantatro fa marina Ity. Raha mino an'Andriamanitra ianareo, fantatro fa mino ianareo, dia diniho fotsiny amin'ny faran'ny herinandro. Ah-hah. Hitanareo? Hitanareo? Eny àry. Hitanareo?

221 Ankehitriny, ny fahafatesana dia midika hoe fisarahana Mandrakizay amin'Andriamanitra. Ary tsarovy, ankehitriny, fa tsy maty ireo olo-masina.

222 Tsarovy, nomena soavaly hatsatra iray ny ampakariny, ilay . . . ny tiako lazaina, dia nomena soavaly hatsatra iray ity mpitaingina ity, mba—mba handrosoana. Nomena azy ity—ity soavaly hatsatra ity, mba handrosoana. Ary nitaingina an'ity soavaly hatsatra ity izy, an'ny fahafatesana. Ankehitriny dia fantatsika hoe inona izany. Fantatsika hoe inona io fiangonana io.

223 Ary tsarovy, omaly hariva, fa tsy "janga" iray fotsiny ihany izy, fa izy no "ilay renin'ny mpijangajanga."

224 Ary hitantsika, fa ny nanao azy ho janga iray, dia, vehivavy iray izay tandindon'io vehivavy io. Izaho fotsiny dia . . . Izany dia teny mahitsy iray, ho lazaina eo anivon'ny mpanatrika iray mifangaro. Saingy ny Baiboly no milaza an'izany, hitanareo. Koa, noho izany, fantatsika fa izany dia—izany dia vehivavy iray izay miaina tsy mahatoky amin'ny ireo voadim-panambadiany. Ary hitanareo, natao ho izany izy, milaza ny tenany, miantso ny tenany hoe, "Ny Mpanjakavavin'ny Lanitra." (Izany dia ho ny Ampakarin'Andriamanitra. Andriamanitra dia Kristy.) Ary hitantsika fa nijangajanga izy, ary izy no nanao an'ireo mpanjakan'ny tany hijangajanga, sy ireo lehilahy manan-karena rehetra, ary lehilahy malaza. Nandeha nanaraka azy ny tany manontolo. Hitanareo?

225 Ary avy eo dia hitantsika fa namokatra zanakavavy maro izy, ary mpijangajanga izy ireo. Inona ny mpijangajanga iray afa-tsy hoe janga iray, ilay zavatra iray ihany; ratsy fitondran-tena iray, fitondran-tena ratsy, ny ratsy, fijangajangana, manolo-tena. Inona no nataon'izy ireo? Nandrafitra, nanao rafitra iray, nampianatra an'ireo rafitra nataon'olona, ny Pentekosta sy ilay andiany manontolo!

226 Ankehitriny, aza mamela ny—ny fieritreretanareo hilatsaka ao anatin'ny paosinareo, ry Pentekosta. Mamelà ahy hiteny zavatra iray aminareo. Ndao isika hijery manatrika an'ilay zavatra mihitsy. Efa tara loatra isika eo amin'ny làlana ankehitriny, mba hisintonana totohondry. Jereo eto.

227 Miaina ao amin'ny Taonan'ny Fiangonana Laodikiana isika. Ary izany no taom-piangonana mahatsikaiky indrindra amin'ny sisa rehetra amin'izy ireo, matimaty iray, ary ilay hany tokana izay nisy an'i Kristy tany ivelany, niezaka ny hiditra indray. Ary izany no hafatra Pentekotista izay mandeha, nanao hoe, "Manan-karena aho!" Ry tovolahy, nahantra ianao, taloha. Ankehitriny dia lasa tena manan-karena marina tokoa ianao, hitanao. "Tsy mila na inona na inona!" Ary—ary, oh, izay no naha-izy anao!

228 Hoy Izy hoe, "Mitanjaka ianao, mahantra, jamba, malahelo, ory, nefa tsy fantatrao akory aza izany."

229 Ankehitriny, raha nitanjaka ny lehilahy iray, eo an-dàlambe eo, ka fantany izany, nahoana, hiezaka hanampy ny tenany izy. Fa rehefa izy—rehefa tsy fantany izany, ka tsy afaka miteny hafa aminy ianareo, amin'izay fotoana izay dia ao amin'ny toerana ratsy iray izy. Andriamanitra anie hamindra fo aminy. Marina. Mariho. Oh, oadray!

230 Ankehitriny, tsarovy, ity antikristy ity, izy tenany, no ilay lehilahy; ny ampakariny, izay ny fiangonany, "dia nomena fotoana iray hibebahana, nefa tsy nataony izany," tao amin'io taom-piangonana io, Tyatira. Tsaroanareo ve izany? Afaka ve ianareo . . . ?

231 Eny, ndao isika hiverina iray minitra fotsiny. Tsy hampaninona antsika ny hiverina iray minitra fotsiny. Ndao isika hiverina, amin'ny toko faha-2, iray minitra fotsiny. Hovakiantsika fotsiny izany, toko faha-2 an'ny . . . ankehitriny, Tyatira. Diniho ity ankehitriny, haingana fotsiny mihitsy ankehitriny. Oadray, efa saiky eo amin'ny ora famaranana isika, nefa tsy mbola nanomboka. Fa, mariho, Tyatira. Ankehitriny, izany dia manomboka amin'ny andininy faha-18 an'ny—an'ny toko faha-2.

> . . . *ho amin'ny anjely* (izany hoe ilay iraka) *an'ny fiangonana any Tyatira soraty; Izao zavatra izao no lazain'ny Zanak'Andriamanitra, izay* manana *maso tahaka ny* lelafo . . . *ary ny tongony dia tahaka* ny *varahina manganohano;*
>
> *Fantatro ny asanao, sy ny fitiava*nao*, sy ny fanompoa*nao*, sy ny finoa*nao, . . . *ny faharetanao, ary* ireo *asa; ary* ianao dia *be noho ny . . . ary ny farany dia be noho ny voalohany.*
>
> *Kanefa manana zavatra vitsy manohitra anao aho, satria mandefitra amin'ilay vehivavy Jezebela ianao, . . .*

232 Eo ianareo izao. Fantatrareo izy, ao amin'ny Baiboly. Izy no vadin'i Ahaba. Ary indro ilay vehivavy, fiangonana, Jezebela, ny vadin'ilay mpaminany sandoka, izay natao ho mpaminanin'Andriamanitra tena izy, ilay papa; marina, ilay mpaminany tena izy sy ny vadiny, Jezebela. Ankehitriny, Ahaba dia natao ho Jiosy iray tena izy, saingy karilahy iray izy, fantatrareo izany, satria ny vadiny no nitarika azy tamin'ny fomba rehetra izay tiany. Hitantsika, fa mitondra ny volany i Jezebela ka mitarika azy ireo amin'ny fomba izay tiany, ihany koa.

> . . . *izay miantso ny tenany ho mpaminanivavy,* (azonareo ve ilay izy?), *mba hampianatra sy . . .* mifehy *ny mpanompoko* (hitanareo, io fampianaran'i Jezebela io dia nitety fotsiny an'ilay firenena) *mba*

hanao fijangajangana *sy*. . .*hihinana zavatra naterina* tamin'ny *sampy*.

. . .*nomeko fotoana hibebahana izy* (hitanareo?) *amin'ny* fijangajangany; *nefa tsy nibebaka izy*.

233 Diniho ity andininy manaraka ity.

. . .*hatsipiko eo amin'ny fandriana iray izy* (izany hoe ny helo), *ary ireo mijangajanga aminy* ho amin'ny fahoriana *lehibe*,. . .(Izany hoe mandeha ao amin'ilay Fahoriambe lehibe. Tsy ilay Fiangonana, ankehitriny.). . .*raha tsy mibebaka amin'ny asany izy ireo*.

234 Ankehitriny tandremo, eto.

. . .*izaho hamono an'ireo zanany* (ireo mpijangajangany) *amin'ny fahafatesana* (fahafatesana ara-panahy);. . .

235 Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany no Teny. "Izaho hamono azy ireo amin'ny fahafatesana." Ary raha novonoina izy ireo, dia tafasaraka Mandrakizay. Eny àry. Tsarovy, nanome azy fotoana iray hibebahana Izy.

236 Ny Taonan'i Tyatira no ilay taona maizina. Ilay mpitaingintsoavaly mainty no nandeha tamin'io fotoana io, rehefa tsy maintsy naloa vola ny lamesa sy ny zavatra rehetra, sy ireo vavaka, ary—ary ireo neuvaines, sy ny sisa. Ankehitriny dia jereo ny soavaliny mainty, avy eo, rehefa avy nandà ny hibebaka izy tany Tyatira, (inona?) manova ny fitaingenany avy tamin'ny soavaly mainty iray mankany amin'ny hatsatra iray, fahafatesana, ho an'ny asam-panompoany farany.

237 Ankehitriny, mety hanome fanozongozonana kely iray ho an'ny isam-batan'olona aho. Ny mandà an'Andriamanitra, ny mandà ny antson'Andriamanitra, indray andro any dia hanao an'izany ho an'ny fotoana farany ianareo. Ary, tahaka ny nataon'io fiangonana io fotsiny, dia ho tapitra ilay izy. Andriamanitra, faharetana, dia tsy hifandahatra foana amin'ny olona. Hitanareo?

238 Ary rehefa nolaviny Izany, ka nolaviny ny hanaiky an'Izany, tamin'izay fotoana izay dia niova izy ary lasa. . . Ary ankehitriny dia nahazo anarana iray izy antsoina hoe "Fahafatesana," fisarahana. Hoy Andriamanitra hoe, "Halaiko mihitsy aza ireo zanany, ireo Protestanta, ary ho Vonoiko amin'ny fisarahana Mandrakizay ny tsirairay avy amin'izy ireo." Eo ianareo izao, Taonan'i Tyatira, ilay taona maizina. Mivadika ho fahafatesana ankehitriny ny soavaliny mainty, ho an'ny asam-panompoany farany.

239 Hitanareo ve hoe toy ny ahoana no ifangaroan'ireo taompiangonana amin'ireo Tombokase? Tanteraka mihitsy. Ary

fantatsika fa marina Izany. Tsy manao fahadisoana ny Fanahy Masina. Nanome antsika fanamarinana lehibe iray Izy, tamin'ny fotoana farany, rehefa namarana an'ity taom-piangonana ity isika teo, fantatrareo.

240 Hitanareo ve ilay fitiavana, fahari-pon'Andriamanitra! Talohan'ny Nanononany fitsarana teo aminy, dia Nomeny toerana iray hibebahana izy. Ary amin'ny Anaran'ny Tompo no ilazako an'izao: Izy dia nanome an'ilay zavatra iray ihany ho an'ny fiangonana Protestanta, fa tsy hanao an'izany izy. Nanozongozona hatraiza hatraiza ny Hafatra, fa tsy hanao an'izany izy. Handray ny dogmany sy ireo fanekem-pinoany manokana izy, tsy ahoako na impiry no anazavanareo an'Izany.

241 Araka ny nolazaiko tany Chicago, indray andro, teo anatrehan'ireo mpitoriteny mihoatra noho ny olona mipetraka eto! Ary nanapaingotra ahy izy ireo tany, mikasika ny Foto-pampianarana, ny taranaky ny menarana sy io zavatra hafa rehetra io. Hoy aho hoe, "Aoka hisy olona iray hitondra ny Baibolinareo, ka tongava eto dia mitsangàna àry eto akaikiko." Fa tsy nisy olona nilaza na inona na inona.

242 Hoy i Tommy Hicks hoe, "Izaho—tsy tahaka an'izany mihitsy no nandrenesako an'Izany tany aloha, Rahalahy Branham. Mila telonjato amin'ireo horonam-peo ireo aho. Halefako any amin'ireo mpitoriteniko rehetra izy ireo."

243 Nisy teo amin'ny dimampolo, na dimy amby fitopolo teo, no nanao hoe, "Ho avy any aho mba haverina hatao batisa." Tonga ve izy ireo? Tsy nisy anankiray tamin'izy ireo. Nahoana? Nanome azy ireo fotoana hibebahana Izy! Ary hanipy ny zanakareo any amin'ny fahafatesana Izy, fahafatesana ara-panahy.

244 Horaisintsika izany rahampitso hariva, raha sitraky ny Tompo, na Sabotsy hariva, eo amin'ireo Loza izay mandalo. Dinihonareo izay miseho eo.

245 Tahaka ny Nomeny an'i Egypta, Nomeny toerana hibebahana i Egypta. Ary inona ilay loza farany? Fahafatesana izany.

246 Izany ilay loza farany izay nahavoa an'ilay fiangonana Pentekotista, dia fahafatesana ara-panahy. Maty izy. Amin'ny Anaran'ny Tompo izany. Maty ara-panahy izy. Nanome azy toerana iray hibebahana Izy, fa nolaviny Izany. Ankehitriny dia maty izy. Tsy hitsangana intsony indray izy.

247 Ary ireo olona any ireo, miezaka ny hampiditra an'ireo Episkopaliana sy pretra, sy ny sisa, ka miantso azy ireo hoe, "Ray masina *Ranona-sy-ranona*." Nahoana, tokony ho menatra ny tenany izy ireo. Mety ho jamba toy ny ahoana ny olona! Tsy milaza ve Jesosy? Rehefa tonga mba hividy Diloilo io virijiny natory io, dia tsy nahazo an'Izany izy!

248 Ny olona rehetra, mandre ny olona ianareo manao hoe, "Manana ny Fanahy Masina aho. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho." Saingy tsy te-ho tonga any amin'ny fiangonana iray tahaka an'ity izy ireo. "Oh, fantatrareo, tsy mino aho fa te-handeha any amin'ny toerana iray tahaka an'izany aho." Nefa avy eo ve dia milaza fa manana ny Fanahy Masina ianareo?

249 Fa mila ny fombanareo manan-kaja ianareo. Te-hijanona ao Babylona ianareo nefa mbola mankasitraka foana an'ireo fitahian'ny Lanitra. Tsy maintsy manao ny safidinareo ianareo. Tsy afaka mijanona any ivelany any amin'izao tontolo izao ianareo nefa manompo an'Andriamanitra amin'ny fotoana iray ihany. Jesosy no nilaza fa tsy afaka manompo an'Andriamanitra sy mamôna ianareo. Noho izany raha tsy hanantena ianareo . . .

250 Raha tena voavonjy marina ianareo, dia hankasitraka an'ireo fivoriana izay misy ny Fanahy Masina manamarina ny Tenany sy maneho fa tahaka an'izany ny Tenin'Andriamanitra.

251 Hoy ny olona iray hoe, "Manao tabataba be loatra ny olona. Manao ahy hikorontan-tsaina izany." Hikorontan-tsaina ianareo rehefa ho tonga any An-danitra. Ary eritrereto fotsiny, rehefa any izy rehetra ireo, amin'izay fotoana izay dia ahoana ny amin'izany? Oh, oadray! Ahoana no itiavan'ny Tompo ho tonga . . .

252 Mahari-po Izy, tahaka Azy tamin'ny andron'i Noa. Niezaka mafy Izy. Niaritra ela Izy, nandritry ny roapolo amby zato taona, mba hanao azy ireo hibebaka. Tsy nanao an'izany izy ireo.

253 Tamin'ny andron'i Egypta, dia nandefa an'ireo loza sy ny zavatra hafa rehetra Izy. Tsy nanao an'izany izy ireo.

Nandefa an'i Jaona Izy. Tsy niverina izy ireo.

254 Nandefa an'i Jesosy Izy, mba ho faty, mba hamonjy an'ilay vondrona manontolo izay hihaino ny Teny.

255 Ary ankehitriny, amin'ny andro farany, dia nampanantena indray Izy fa handefa Hafatra iray Izy hiantso Azy hivoaka, sy hamerina an'ilay Finoana tany am-boalohany hiverina amin'Izany, hiverina amin'ny Teny. Fa tsy handray an'Izany izy ireo. Tena dogmatika loatra izy ireo, ao amin'ireo dogmany sy fanekem-pinoany, hany ka tsy mila an'Izany izy ireo. Oh, mihevitra izy ireo fa raha nanana ny . . . raha nidina ny Anjely iray; saingy tsy manao an'izany Andriamanitra.

256 Maka zavatra iray tsy mahay sy donto saina Izy, zavatra iray izay zara raha mahafantatra ny ABD-ny na—na zavatra iray. Ary noho izany dia maka an'io karazan'olona io Izy, satria afaka maka zavatra iray izay tsinontsinona Izy ary avy eo dia miasa amin'ny alàlan'izany. Raha mbola mihevitra foana ny zavatra anankiray fa zavatra iray izy ireo, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka manao na inona na inona amin'izany izy ireo. Izany foana

no efa Nataony. Tsy maintsy lasa tsinontsinona ianareo, mba ho lasa olona iray miaraka amin'Andriamanitra. Oh, oadray!

257 Mariho, ihany koa, "Nanome azy fotoana iray hibebahana Izy, fa tsy nanao an'izany izy."

258 Nataony indray izany; tsy hanao an'izany izy. Ny fandàvany, fomba iray, no manao azy, na, ny fandàvany no manao an'ilay fomba tanteraka hidiran'i Satana ao aminy sy ho tafatsofoka. Marina izany. Manatsofoka ny tenany ao aminy mihitsy, satria nandà ny Teny izy. Ary izany marina tokoa ilay zavatra iray ihany izay mahalasa ny fiangonana Protestanta, ho mpijangajanga iray, dia satria nandà ny Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra voamarina izy, ary izany no manome toerana iray hidiran'ny devoly sy hanatsofoka ny tenany. Ary hanao sary iray ho an'ny bibidia izy rehefa mampikambana ny tenany miaraka izy ireo, any mihitsy ankehitriny, ary hiseho marina tokoa arak'izay Nolazainy. Marina izany. Amena.

259 Raha nanana fianarana iray aho, dia ho afaka namoaka an'Izany. Tsy manana fianarana aho. Manantena ny Fanahy Masina fotsiny aho hanambara an'Izany aminareo. Ary Hataony izany, amin'ireo izay . . . Marina izany. Hataony izany. Eny. Mariho.

260 Jereo hoe ahoana, inona no nataony eto. Nandà ny Hafatr'Andriamanitra mba hibebahany izy. Nanomboka izy, antikristy iray, ary izany no naha-izy azy. Tonga izy, mpaminany sandoka iray, devoly iray nitsofoka, ary, rehefa nanao izy, dia niaraka tamin'ny fampianarany sandoka. Ary avy eo, tao amin'io rehetra io, dia nanome azy fotoana hibebahana Andriamanitra, niezaka ny hitondra azy.

261 Hitanareo ve hoe fahari-po toy ny ahoana? Fitiavana mahafinaritra toy ny inona! Tsy misy fitiavana tahaka an'izany! Jereo izy ireo, nandrora teo amin'ny Tavany sy ny sisa mihitsy aza, fa namela azy ireo Izy. Izany Andriamanitra, hitanareo. Aza . . .

262 Laviny ny Hafatr'Andriamanitra! Jereo, nangatahana hibebaka izy, hiverina eo amin'izay nahalavoany.

263 Ary avy taiza no nahalavoany? Ny Teny. Marina. Avy taiza no nahalavoan'i Eva? [Hoy ny fiangonana hoe, "Ny Teny."—Mpand.] Teny! Avy taiza no nahalavoan'ny anaram-piangonana? ["Ny Teny."] Eo ianareo izao. Hitanareo? Tsy misy fomba hafa. Izao fotsiny, isan'andro, dia miverina avy hatrany eo amin'ny Teny, avy hatrany eo amin'ny Teny. Hitanareo? Ary miditra ao amin'ny rafitra iray izay manala azy ireo lavitry ny Teny izy ireo, manala azy ireo amin'ny Teny raha tokony hankany amin'ny Teny. Mariho.

264 Jereo, nomena fotoana hibebahana izy, hiverina. *Mibebaka* dia midika hoe "miverina, mitodika miverina, todika ivoho."

Mibebaka, "miverina." Ary nomena fotoana izy hiverenana eo amin'izay . . .

265 Tsarovy ankehitriny, izy no ilay Fiangonana pentekotista, tany am-boalohany izay nandatsahana ny Fanahy Masina, tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Mpianatra Baiboly firy no mahafantatra an'izany? Azo antoka, izany izy. Hitanareo ve hoe avy taiza izy? Lavo avy tamin'ny Teny izy, ka nanaiky dogma. Manantena izy . . . Raha tokony ny Fanahy Masina, dia nila lehilahy masina iray izy, "Dokotera LL., Ph., Q.U." ary avy eo dia nanao azy ho papa iray. Hitanareo? Azo antoka. Fa, izy, izany no nilainy, olona iray hanao ny fivavahany. Olona iray . . . Mandoa ny volany fotsiny izy, ary izay ihany no tokony ataony. Hitanareo?

266 Ankehitriny, izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao. Raha mbola manana seza lava iray hipetrahana fotsiny izy ireo, mandoa vola betsaka eo ambonin'ilay lovia fitatazandrakitra, dia efa ampy tsara izay. Mambran'io fiangonana io izy ireo. Aza miteny amin'izy ireo na inona na inona hafa mikasika an'Izany; tsy te-hahafantatra izy ireo. Izany ireo zananivavy.

267 Ankehitriny, avy taiza no nahalavoany? Avy tamin'ny Teny tany am-boalohany an'ireo apostoly apostolika sy ireo mpaminany. Avy teo no nahalavoany. Avy teo no nahalavoan'ny Protestanta.

268 Mibebaha! Miverena! Mitodiha miverina alohan'ny hahatara loatra an'ilay izy. Tsy mbola tara loatra izao. Indray andro any dia hiala amin'ny Toerany io Zanak'ondry io, ary amin'izay fotoana izay dia tapitra ny rehetra. Toy izany koa no nangatahana tamin'ireo zananivavy ankehitriny, talohan'ny nitsarana azy niaraka taminy, mba "hiverina indray."

269 Ankehitriny, ny Hafatra farany izay azon'izy ireo, dia rehefa io mpaminany izay noresahako io. Fa, efa namaky boky maro aho mikasika an'izany. Ary fantatro fa ireo tena lehilahy, tsara, mato-tsaina, misaina ara-panahy dia mahafantatra fa ho avy izany. Fantatr'izy ireo izany. Fantatr'izy ireo fa ho avy izany, hitanareo. Izy ireo . . . Fa ny olana amin'ilay izy, dia, manohy milaza izy ireo hoe, "Mila an'izany isika. Izany dia hisy." Nefa rehefa tonga Izany, ka ho tena manetry tena izy ireo; dia ho diso an'Izany angamba izy ireo tahaka ny nataon'izy ireo mihitsy tamin'ny fotoana hafa. Marina izany. Hanoratra mikasika an'Izany ny olona, sy ny zavatra rehetra, hanao hoe, "Oh, eny, ilaina ny hisian'izany." Nefa avy eo dia avelao Izany ho voaseho eo anatrehan'izy ireo mihitsy, fa hanohy fotsiny izy ireo, hitanareo. Noho izany, izany foana no nataon'izy ireo.

270 Diniho ankehitriny, ilay Teny tany am-boalohany. Izy ireo dia na- . . . izy ireo . . . Tokony hibebaka izy, hiverina, foana, toy izany koa no nangatahana tamin'ireo zananivavy. Ho voatery . . . ho tsaraina izy ireo, ary hatsipy eo amin'ilay fandriana iray

ihany ary ho vonoina miaraka aminy. Nangatahana hitodika hiverina amin'ilay Teny tany am-boalohany izy ireo, hiverina amin'ny Foto-pampianarana apostolika. Saingy, voafatotra loatra tamin'ireo fanekem-pinoany sy ny sisa izy ireo, tsy hanao an'izany izy ireo. Esoin'izy ireo fotsiny Izany.

271 Noho izany dia inona no ataon'izy ireo? Manao sary ho an'ny bibidia izy ireo amin'ny farany, hery iray hafa; mariho, ary mihetsika, eo amin'ilay Ampakarin'ny Zanak'ondry, tahaka ny nataony ao amin'ny Apokalypsy 13:14. Izany no ataon'izy ireo, manenjika fotsiny, ilay zavatra iray ihany mihitsy. Ireo fiangonana dia maneso fotsiny an'ilay Ampakarin'i Kristy marina, tahaka ny nataon'i Roma hatramin'izay. Marina tokoa. Eny, tompoko. Mihetsika eo amin'ilay—ilay tena Ampakarin'ny Zanak'ondry marina tokoa tahaka ny nataony ao amin'ny Apokalypsy 13:14.

272 Mariho ankehitriny. Mahita isika, amin'ny alàlan'ny teny fikasan'ny Tenin'Andriamanitra, fa Izy dia—Izy dia hamono an'ireo zanany, ireo anaram-piangonana, ireo zananivavy, amin'ny fahafatesana ara-panahy. Ankehitriny, izany no Apokalypsy 2:22. Aza adino izany. Ny mamono, dia manao ho faty. Ary ny *fahafatesana* dia "Fisarahana Mandrakizay amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra." Eritrereto izany, ry sakaiza. Eritrereto izany. Aza matoky an'ireo fanekem-pinoana nataon'olona mihitsy. Ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny Teny, dia manalavira an'izany.

273 Diniho ankehitriny, diniho eto amin'ny Baiboly eto. Voalaza fa ny anarany dia ny Helo, ary . . . Ny tiako lazaina dia hoe:

> . . . ny anarany *dia Fahafatesana, ary ny helo nanaraka* taoria*ny*.

274 Ankehitriny, ny helo dia manaraka foana ny fahafatesana, ao amin'ny ara-boajanahary. Rehefa maty ilay olona ara-boajanahary, dia manaraka azy ny helo; izany hoe ny fasana, ny hadesy, hitanareo, izay ao amin'ny ara-boajanahary. Fa ao amin'ny ara-panahy, dia Farihy Afo izany, hitanareo, eny àry, ao amin'ny fisarahana Mandrakizay, izay andoroana azy ireo.

275 Ary—ary hoy Malakia 4 hoe, "Tsy hamela mihitsy aza an'ireo vodi-vary, na sampana, na inona na inona hafa." Izany no fomba anadiovan'izao tontolo izao ny tenany indray, ho an'ny Arivo taona. Hitanareo?

276 Efa voamarikareo ve, fa ilay mpitaingina dia "izy"? [Amin'ny teny Anglisy dia "he"—Mpand.] Ary "izy" ["he"] dia nanana teny amin' "ny" ["his"] tànany; "lehilahy," mpaminany sandoka. Fa ny ampakariny dia nantsoina hoe ny fiangonana, "izy," ["she,"] Jezebela. Ahaba; Jezebela. Nahoana, tanteraka mihitsy tahaka ny zavatra rehetra izany. Hitanareo? Hitanareo?

277 *Zanakavavy* dia "izy," [Amin'ny teny Anglisy dia "she,"—Mpand.] ihany koa, saingy tsy mandray lehilahy

anankiray mpitarika mihitsy; Protestanta, eo amin'izany, saingy mbola mpijangajanga foana amin'ny fitsipika, an'ny foto-pampianarany, anaram-piangonana, rafitra. Izany fotsiny dia . . . Izany no voalaza.

278 Mariho. Ho tonga any amin'inona io rehetra io? Ankehitriny, manana eo amin'ny roa ambin'ny folo fotsiny isika, efatra ambin'ny folo minitra eto, heveriko. Jereo hoe ho tonga any amin'inona io rehetra io. Inona izany? Hiverina avy hatrany tahaka ny nataony, sy nanombohany tany An-danitra izany. Ho tonga eo amin'ny adin'ny andro farany izany.

279 Ny zavatra voalohany, tany An-danitra, dia ady iray. Voaroaka i Losifera, ary tonga teto an-tany. Noho izany dia nandoto an'i Edena izy; avy eo dia nandoto foana hatramin'izay. Ary ankehitriny, avy tamin'ny ady tany An-danitra, dia ho tonga eo amin'ny ady eto an-tany izany; ary izany dia tsy maintsy hifarana, eto an-tany, amin'ny andro farany, ao amin'ny ady iray antsoina hoe Haramagedona. Ankehitriny, ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany. Ilay ady dia nanomboka tany An-danitra, masina, ka noho izany dia noroahan'izy ireo izy. Mikaela sy Ireo Anjeliny no nandresy azy, nandroaka azy. Ary rehefa nanao izy ireo, dia nidina avy hatrany tao Edena, ary indro fa nanomboka an'ilay ady teto ambany teto. Nihaona . . .

280 Andriamanitra dia nanao an'ireo Zanany voaisy manda tanteraka tamin'Ny Teniny. Ary nanenjana ny tendany i Eva, nanao hoe, "Mino aho fa marina ny anao, angamba." Ary indro fa lasa ilay izy. Ary efa izany foana ilay izy, hatramin'izay. Avy eo dia nidina Andriamanitra, ary ankehitriny Izy dia tsy maintsy . . . Izy dia nidina mba hanavotra an'ireo izay ho avy.

281 Araka ny nolazaiko hoe, Andriamanitra dia tahaka ny mpanao trano goavana iray. Apetrany eto an-tany ny Fitaovany rehetra, ary avy eo dia manorina an'ireo Tranobeny Izy. Tsarovy ankehitriny, talohan'ny nisian'ny vaingan'ny—ny voa iray teto an-tany, talohan'ny nisian'ny masoandro iray izay hany nandona ny tany, dia efa nipetraka teto an-tany ny vatanareo, satria vovon-tany ianareo. Hitanareo? Izany ianareo. Andriamanitra no Mpanao trano.

282 Ankehitriny, ny fomba Hanaovany an'izany, dia naninjitànana ary naka (tahaka ny Nanaovany an'i Adama) andiana kalsioma kely iray, potasy, sy hazavana kosmika, ary, "Fioo!" Nanao hoe, "Indro ny Zanako hafa iray." Hitanareo? Avy eo dia naka vitsivitsy amboniny Izy, ary, "Fioo!" "Indro ny anankiray hafa."

283 Fa inona no nataon'i Eva? Nosimbainy io fomba io. Ary nitondra an'izany tamin'ny alàlan'ny fihetsika ara-pananahana iray izy, tamin'izay fotoana izay dia namely an'izany ny fahafatesana.

284 Ankehitriny dia inona no ataon'Andriamanitra? Manana marobe amin'ireo voa ireo Izy eo, izay voafidy mialoha; tena betsaka, ilay voafidy mialoha. Ary noho izany, amin'ny andro farany, dia tsy hilaza Izy hoe, "Eva, avia hiteraka zanaka hafa iray." Izy dia ("Fioo!") hiantso, ary izaho hamaly. Izay ihany. Izay ilay izy. Izay ilay hevitra. Rehefa tafiditra io anankiray farany io, dia milamina hatreo izany.

285 Ankehitriny, ny ady dia nanomboka tany An-danitra. Hifarana eto an-tany izany, amin'ny endrika Haramagedona.

286 Ankehitriny dia ndao isika handinika ka hahita an'izany voaseho. Ary afaka hampiseho an'izany isika. Hanampy antsika anie ny Tompo izao ankehitriny izao hanao an'ity ankehitriny. Diniho izany fa voaseho.

287 Ilay mpitaingina mahagaga, diniho izay ataony ankehitriny; "nanohitra," nandà ny hibebaka sy hiverina amin'ilay Teny Rà tany am-boalohany. Ny Teny dia lasa Rà sy nofo. Hitanareo? Nandà ny hiverina amin'Izany izy. Antikristy izy! Ilay Ampakarina Teny marina, dia nano-. . . nanohitra ny Ampakarina Teny marina izy. Maka ny ampakariny manokana izy! Izy dia manohitra an'ity Ampakarina marina ity, ihany koa. Ary maka ny ampakariny manokana izy, ka mitondra azy mankeo aminy, amin'ny endrika fivavahana antsoina hoe fanekem-pinoana sy dogma. Hitanareo? Ary ankehitriny, eo am-pahitana an'ilay Ampakarina masina, dia manohitra Azy izy. Fa manao ny ampakariny manokana izy, antsoina hoe antikristy, amin'ny alàlan'ny fampianarana antikristy iray, izay mifanohitra amin'i Kristy. Hitanareo ve hoe fetsifetsy toy ny ahoana izy? Ary ankehitriny, raha tokony hanana firaisam-pitiavana iray, mifehy, fanompoana eo ambanin'ny Rà, dia manana anaram-piangonana iray izy. Raha tokony hanana ny Teny, dia naka fanekem-pinoana izy, dogma, sy ny sisa.

288 Tahaka, ary hoy ireo Protestanta hoe, "Ny Fanekem-pinoan'ny Apostoly." Tiako ianareo hahita teny iray an'izany ao amin'ny Baiboly. Apostoly, tsy misy Fanekem-pinoan'ny Apostoly ao amin'ny Baiboly.

289 Araka ny nolazaiko teto, ankehitriny, vao tsy ela akory izay, na tany ho any. Raha nanana fanekem-pinoana iray ireo apostoly, izany dia ny Asa 2:38. Izany ihany marina tokoa no fantatro fa hany nananany. Izany no niantsoany ny olona rehetra mba hatao. Rehefa nahita ny anankiray tamin'izy ireo izy izay toy ny hoe Kristiana izy ireo, dia hoy izy hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony ianareo vao nino?"

Hoy izy ireo, "Tsy fantatray na nisy. . . "

Hoy izy, "Noho izany dia toy ny ahoana no nanaovana batisa anareo?"

290 Ankehitriny, ny vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy, na tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, raha ny marina,

izany, mety tsara izany, saingy tsy mbola izany no rehetra amin'ilay izy. Tsia, tompoko. Afaka atao batisa in-dimampolo ianareo, tahaka an'izany, saingy tsy mahavita soa izany na kely aza raha tsy novain'ny Fanahy Masina io fo io. Tsy maintsy mandeha miaraka izany rehetra izany. Mariho, izany dia—Kristy izany!

291 Mandà an'ilay Foto-pampianaran'ny Ampakarina marina ny antikristy, ka noho izany dia maka ny ampakariny manokana izy ankehitriny ary manorina azy, eo ambanin'ny fanekem-pinoany iray avy amin'ny azy manokana. Maka ny ampakariny manokana ka manao azy ho anaram-piangonana iray! Miteraka anaram-piangonana hafa izy, araky ny voatonona ao amin'ny Soratra Masina; miteraka zanakavavy. Ary izy tsy . . . Lasa tahaka ny reniny fotsiny izy, ara-boajanahary, arak'izao tontolo izao, ara-anaram-piangonana; manohitra an'ilay Ampakarina ara-panahy, ny Teny.

292 Tsy milaza izy ireo hoe tsy mikambana amin'ny fiangonana. Miresaha amin'ny olon'ny anaram-piangonana iray ianareo. "Azo antoka, mikambana amin'ny fiangonana aho." Kristiana ve ianao? "Mikambana amin'ny fiangonana aho!" Tsy misy idiran'io amin'Izany! Milaza izy ireo . . . Ianareo tsy mikambana amin'ny Fian- . . . Ianareo, mety mikambana amin'izay antsoina hoe fiangonana iray ianareo, hitanareo, mikambana amin'ny fiangonana iray. Tsy Fiangonana iray izany. Tsy Fiangonana ireo. Trano fialofana ireo izay iangonan'ny olona miaraka, ary ireo olona tahaka ny hoe, "vorona mitovy volo."

293 Fa Fiangonana anankiray fotsiny ihany ianareo, ary izany no Vatana mahagaga an'i Kristy. Ary tsy mikambana amin'Izany ianareo. Teraka ao amin'Izany ianareo.

294 Araka ny nolazaiko foana hoe, efa niaraka tamin'ny fianakaviana Branham aho nandritry ny telo amby dimampolo taona, ary tsy nikambana tamin'izany mihitsy. Teraka tao amin'izany aho. Hitanareo?

295 Mariho ankehitriny. Manao tandindona tsara tarehy fotsiny izany. Izaho—izaho dia manana ny . . . ny Soratra voaray naoty eto, saingy izaho . . . tsy manana fotoana hahatongavana eo amin'izany isika; tahaka an'i Esao sy Jakoba.

296 Ankehitriny, Esao dia lehilahy iray mpivavaka. Tsy nilaza ho tsi-mpino iray izy. Nino an'ilay Andriamanitra iray ihany izay ninoan'i Jakoba izy, ilay Andriamanitra iray ihany izay ninoan'ny dadany. Saingy karilahy iray fotsiny izy, na miala tsiny amin'ilay fitenenana, izao fotsiny . . . Tsy tsara fotsiny izy. Izy—Izy dia, ankehitriny, raha ara-pitondran-tena, izy dia tena le—lehilahy iray mihetsika ara-pitondran-tena tsaratsara kokoa noho i Jakoba. Saingy, hitanareo, izy tsy nihevitra . . . "Oh, inona no idiran'io fizokiana io amin'Izany?" Ary nivarotra ny fizokiany tamin'i Jakoba izy. Hitanareo?

297 Fa, Jakoba, tsy nanana zavatra goavana izy, sy tahaka ny nananan'i Esao. Tsy nanana ny lova izay nananany izy. Fa zavatra anankiray no nilain'i Jakoba, dia io fizokiana io. Tsy ahoany na toy ny ahoana no tsy maintsy ahazoany an'izany; hahazo an'izany izy. Ary nanaja azy Andriamanitra.

298 Ary, noho izany, dia izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao, amin'ilay olona ara-boajanahary, fisainana ara-nofo, misaina araka an'izao tontolo izao. "Eny, mikambana amin'ilay fiangonana voaorina aho. Izaho mikambana amin'*ity* fiangonana ity. Izaho mikambana amin'*itsy*." Tsy misy idiran'io amin'Izany, na iray aza.

299 Diniho, manangona azy ireo ankehitriny eo ambonin'ny soavaliny miloko mifangaro. Manangona azy ireo miaraka izy, eo ambonin'ny soavaliny miloko mifangaro, satria manana ny hery politika izy.

300 Tsy mino ve ianareo fa manana izy? Ahoana no nidiran'io Filoha ankehitriny izao io? Ahoana no mba nitsofohan'io? Ah-hah! Tonga eto isika ho an'ny fahalalahan'ny fivavahana; nefa ianareo andiana demokraty izay nivarotra ny fizokianareo tamin'ny politika! Izaho tsy manana . . . Mety tsara ny antoko demokraty; lò izy roa. Miresaka ny amin'ny Kristianisma aho. Fa mivarotra ny fizokianareo ianareo, eo amin'ny lisitra demokraty iray, mba hametraka zavatra tahaka an'izany ao. Mbà menatra ianareo!

301 Tsy fantatrareo ve fa ity firenena ity, marina tokoa, dia ao amin'ny modelin'ny Isiraely? Inona no nataon'ny Isiraely? Tonga teo amin'ny firenena vahiny iray izy, ka nandroaka an'ireo mponina ary namono azy ireo, dia niditra ka naka an'ilay firenena. Izany no nataontsika; ireo Indiana. Izany no Amerikana marina tokana izay misy, dia ireo sakaizantsika Indiana.

302 Ary avy eo dia inona no nataon'izy ireo? Nanana lehilahy malaza vitsy i Isiraely. Ny zavatra voalohany fantatrareo . . . Nanana an'i Davida izy ireo, ary nanana an'i Solomona. Nanana lehilahy malaza izy ireo. Ary farany dia nanana jiolahimboto iray izy ireo tany, Ahaba, izay nanambady Jezebela iray, tsimpino iray.

303 Eny, izany ilay zavatra iray ihany izay nataontsika. Nanana Washington iray sy Lincoln iray isika, saingy jereo izay ananantsika ankehitriny. Ary ny tena zavatra amin'ilay izy, dia, nanambady izy, ary tafalentika ka nifantoka tanteraka tamin'i Jezebela. Mety ho karazana lehilahy iray tena tsara izy, saingy izy no hitondra ny raharaha. Ary mahita an'izany ianareo izao ankehitriny izao, eo am-pidirana ilay fianakaviana manontolo.

304 Inona no notenenin'ny Fanahy Masina tamiko, teo amin'ny dimy amby telopolo taona lasa teo izay? Ary ianareo tamin'ny andro fahiny rehetra dia mahafantatra an'izany, ny amin'ireo

zavatra fito izay hitranga talohan'ny nitrangany. Ary ity no farany, mialohan'ilay zavatra farany, ho tonga. Ny zavatra hafa rehetra dia tonga marina tokoa eo amin'ny teboka, hatrany amin'ireo ady sy ny zavatra hafa rehetra. Hitanareo? Ary ankehitriny dia eo an-tànany mihitsy izy, vehivavy iray, hanapaka ny firenena. Jezebela! Hitanareo?

305 Fa, tsarovy, tamin'ny andron'i Jezebela, dia nisy olona iray marina tokoa niteny tamin'izy ireo ny lokony. Hitanareo?

306 Ilay fanangonana, teo amin'ny soavaliny miloko mifangaro. Ary, hitanareo, manangona an'io zavatra io miaraka izy, mifangaro amin'ny fanekem-pinoana, anaram-piangonana, foto-pampianarana nataon'olona. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka, loko iray mifangaro, ilay loko mifangaro an'ilay soavaly maty, hatsatra an'izao tontolo izao! Ankehitriny, marina izany. Loko mifangaro an'ny endrika maty, araka an'izao tontolo izao an'ilay soavaly hatsatra, oh, oadray, tsy misy Rà masin'ny Teny, mihitsy!

307 Ary diniho. Avy amin'ny zorony . . . "Avy amin'ny zorony efatry ny tany, no anangonany azy ireo; manangona azy ireo ho amin'ny Haramagedona," hoy ny Baiboly. Miezaka mieritreritra an'ireo Soratra aho, satria nandray naoty azy ireo aho eto. Tsy hanonona azy ireo aho; fa eo amin'izay nanoratana azy ireo fotsiny, hahitana hoe inona izy ireo. "Manangona azy ireo miaraka, ho amin'ilay andro lehibe an'ny adin'ny Tompo Andriamanitra." Diniho. Ankehitriny, eo amin'ity soavaly miloko mifangaro, arak'izao tontolo izao, hatsatra, marary ity, eritrereto fotsiny izany; fantatrareo, zavatra ratsy iray izany. Ankehitriny dia diniho hoe aiza no anangonany azy ireo, "Avy amin'ny zorony efatry ny tany." Miangona izy ireo ankehitriny ho an'ny fampisehoan-kery. Ny fampisehoan-kery dia ho ao "Haramagedona," araka ny Teny. Hitanareo?

308 Eo ambonin'ny soavaly hatsatra, mitaingina eo amin'izany, miaraka amin'ny "Fahafatesana" mipetaka, na, miaraka amin'ny anarana iray mipetaka eo aminy hoe, "Fahafatesana," ny antikristy! Henoy. Antikristy, anaram-piangonana voalohany (tsy azo iadian-kevitra izany); miaraka amin'ny Jezebelany, mpijangajanga iray amin'ny Teny; miaraka amin'ireo zananivavy, miaraka aminy, ireo Protestanta; manangona ny tenany miaraka ao anatin'ny firaisana ankehitriny!

309 Efa nandre an'ireo olona Batista niresaka teto ve ianareo indray andro, fantatrareo? Hah? "Oh, tsy hikambana amin'izy ireo izahay, fa izahay dia ho—izahay dia ho mpisakaiza sy hifamatotra kely amin'izy ireo. Tsy voatery hikambana amin'ny fiangonan'izy ireo izahay, saingy . . ." Eo ianareo izao. Eo ianareo izao, izay nolazain'ny Teny marina tokoa. Hitanareo? Hitanareo? Mpijangajanga antitra, aloha voalohany, hitanareo.

310 Ankehitriny dia indro izy ireo, manakambana ny tenany miaraka, tonga eo amin'io fampisehoan-kery io, ho amin'ny Haramagedona, ary mitaingina eo ambonin'ny soavaly iray miloko mifangaro; miaraka amin'ny soavaly iray fotsy, soavaly iray mena, soavaly iray mainty. Ilay telo, samihafa: ara-politika—hery ara-politika, hery ara-panahy, fehezin'ny herin-demony, dia ilay antikristy. Manafangaro an'izany rehetra izany miaraka, dia mahazo zavatra hatsatra, toy ny marary izay taingenany ianareo. Marina. Mariho ankehitriny. Jereo izay taingenany, ity soavaly toa hatsatra, miloko volontany ity, mifangaro amin'ny mainty, mena, ary fotsy; tonga ho amin'ny ady, manangona ny olony avy amin'ny firenena rehetra ambanin'ny Lanitra! Tsy nandika an'ilay nofy ve i Daniela, ka nahita an'io vy lava niditra tao amin'ny fanjakana rehetra io, an'i Roma? Indro tonga izy ireo, miangona.

Ankehitriny dia mipetraha tsara ho an'ny famaranana, iray minitra fotsiny, ary henoy tsara.

311 Miangona izy ireo ankehitriny mba hanao an'izany, mitondra ny olony avy amin'ny zorony efatry ny tany; mitaingina soavaly hatsatra iray, marary, miloko telo, mifangaro. Lehilahy iray ihany!

312 Ankehitriny, ao amin'ny Apokalypsy 19, tsy izy irery ihany no vonona, fa Kristy koa dia vonona hihaona aminy. Hahamay sy havesatra ilay ady. Kristy, ao amin'ny Apokalypsy 19. Manangona ny Azy Kristy, tsy avy amin'ny zorony efatry ny tany, satria hisy sisa nanamborana kely bitika eo. Inona no Ataony? Manangona azy ireo avy amin'ny zorony efatry ny Lanitra Izy. Haka azy ireo isika, "ireo fanahy eo ambanin'ny alitara," rahampitso hariva, dia ho hitanareo raha marina izany, na tsia. Zorony efatry ny Lanitra; eo ambonin'ny soavaly iray fotsy toy ny oram-panala!

313 Manana Anarana iray ihany koa Izy, tsy fahafatesana, fa, "Ny Tenin'Andriamanitra," Fiainana. Amena. Voasoratra eo amin'ny Feny mihitsy eto hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra." Izany no Fiainana tokana, satria Andriamanitra no loharano tokana an'ny Fiainana Mandrakizay izay misy. Zoe! Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

314 Ary Izy no nanoratra hoe, "Fiainana," mitaingina eo ambonin'ny soavaly fotsy iray; ary eto dia misy lehilahy iray miaraka amin'ny hery telo samihafa mifangaro, antsoina hoe "Fahafatesana." Manangona an'ireo solontenany avy amin'ny tany; ary Kristy dia manangona ny Olony nateraky ny Lanitra, ireo olo-masina. Izy dia manana "Fahafatesana" voasoratra eo aminy; Kristy dia manana "Fiainana" voasoratra eo Aminy.

315 Ireo izay miaraka Aminy dia eo ambonin'ny soavaly fotsy, ihany koa, ary izy ireo dia antsoina hoe, "Ireo voafidy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Amena! Ary mahatoky

amin'ny Teny izy ireo. Amena! Fioo! Tiako io anankiray io. "Nantsoina, voafidy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Ary noho izany, dia mahatoky amin'ny Teny, nohon'ny safidin'izy ireo, voaentana tanteraka tamin'ny divay vaovao sy Diloilo, mitaingina hatrany fotsiny, tonga hihaona aminy. Fantatr'izy ireo fa ny Kotrokorana no hamoaka an'ilay zavatra ho antsika, tsy ho ela mihitsy. Hitanareo?

316 Diniho. Ahoana no ataony? Noho izany, raha Izy no Teny, ka Ny Anarany dia ny Teny, amin'izay fotoana izay dia Fiainana ny Teny. Ilay antikristy; ny zavatra rehetra *anti* dia "manohitra," noho izany *anti* dia "manohitra" an'ilay Kristy, ny Teny. Noho izany, dia tsy maintsy ho fanekem-pinoana iray izany, na anaram-piangonana iray, izay manohitra ny Teny.

317 Nahoana, tsy hitako hoe ahoana no hahadiso anareo an'izany. Raha ianareo—azonareo izany, dia ahoana no ahafahanareo ho diso an'izany? Tsy fantatro hoe ahoana no hahadiso anareo.

318 Ary marina izany. *Anti* dia "manohitra." Tsy marina ve izany? "Manaisotra avy amin'ny." Izany no naha-izy azy. Mitaingina ny soavaliny mifangaro izy. Nahita an'izany mihitsy eto amin'ny Tenin'Andriamanitra isika.

319 Nahita an'izany mihitsy tao amin'ireo taona fiton'ny fiangonana isika. Indro Izy mamerina an'izany indray ao amin'ireo Tombokase, manokatra sy maneho an'ireo zavatra izay niseho, teo ambanin'ireo taom-piangonana.

320 *Anti* dia "manohitra" ny Teny. Hitanareo ve hoe nahoana, ireo fanekem-pinoana, nahoana isika no tena manohitra an'ireo fanekem-pinoana sy anaram-piangonana? Satria manohitra ny Teny izy ireo. Hitanareo?

321 Eto isika dia mahita ny Fiainana sy ny fahafatesana tonga eo amin'ilay tolona farany. Ilay soavaly fotsy, an'ilay Fiainana marina; ilay soavaly hatsatra, an'ny fanekem-pinoana mifangaro. Hitan'izy ireo ilay zavatra tonga eo amin'ilay—ilay tena fampisehoan-kery.

322 Ankehitriny dia te-hilaza zavatra iray aho eto. Mety tsy mino an'ity ianareo. Saingy nohamariniko izany, mba hananana antoka. Loko tany am-boalohany anankiray irery ihany no misy, ary izany dia fotsy. Firy no mahafantatra an'izany? Loko tany am-boalohany anankiray irery ihany no misy. Ny zavatra hafa rehetra, dia mifangaro.

323 Kristy dia eo ambonin'ny Teny fotsy tanteraka iray, tsy mifangaro, hatrany amin'ny voalohany. Amena! Amena! Ny loko rehetra dia tokony ho fotsy raha tsy niditra tao anatiny ny simika sasantsasany. Amena! Voninahitra! Ny fiangonana rehetra dia tokony ho nijoro teo amin'ny Foto-pampianarana apostolika an'ny Tenin'Andriamanitra, ary Andriamanitra no manamarina

an'Izany, raha tsy nanana an'ireo fanekem-pinoana sy anaram-piangonana nafangaro tao anatin'Izany izy. Eo ianareo izao.

Oh, Rahalahy Evans, mahatsapa ho tsara aho izao ankehitriny izao! Eny, tompoko. Eny, tompoko.

324 Loko tany am-boalohany anankiray irery ihany, izany dia fotsy. Izany dia tsy mihitsy—tsy mifangaro mihitsy amin'ny anaram-piangonana na fanekem-pinoana. Tsia, tompoko.

325 Ary, tsarovy, ireo Olo-masiny dia miakanjo akanjo fotsy, fa tsy mifangaro amin'ny anaram-piangonana sy fanekem-pinoana. Ankehitriny dia hitantsika, ireo fanekem-pinoan'ny anaram-piangonana, eo no ahazoanareo ny lokonareo mifangaro. Fa ity dia ny loko tany am-boalohany izay Taingenany. Ilay loko tany am-boalohany no eo amin'ny Olony. Ary nalona tao anatin'ny Rà izy ireo, izay nanadio an'io fitafiana io, ka namerina an'izany any lavitra any. Hitanareo? Marina izany.

Ireo izay mifangaro, dia nivadika ho hatsatra ary mandeha mankany amin'ny fahafatesana.

326 Izany no manimba, fanimbana iray, ny manafangaro loko amin'ny fotsy; manimba an'ilay loko tany am-boalohany ianareo. Marina ve izany? Raha ilay loko tany am-boalohany, loko tokana, dia fotsy, ka manafangaro zavatra iray amin'izany ianareo, dia manimba an'ilay tena antony. Amena. Marina ve izany?

327 Ary, rehefa, raha Izy no ilay soavaly fotsy, ary Izy no Teny; noho izany, ny manafangaro zavatra iray amin'Izany, ny karazana fanekem-pinoana iray, manampy teny iray amin'Izany, manaisotra Teny iray avy amin'Izany, dia manimba an'ilay zavatra manontolo. Oh, oadray! Tehirizo amin'ny Teny aho, Tompo!

328 Fahamarinana sy fahadisoana! Oh, oadray! Tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza ilay izy. . . Tsy afaka mifangaro ny Fahamarinana sy ny fahadisoana. Tsy afaka mifangaro izany. Izany dia na ny HOY NY TOMPO HOE na diso izany. Tsy mampaninona izay nilazan'ny ray masina azy, Masindahy Bonifère, na—na ilay arsevekan'i Canterbury; tsy fantatro hoe iza no nilaza azy. Raha mifanohitra amin'ny Teny izany, dia fanimbana. Tsy hifangaro izany. Hoy ianareo, "Nahoana, ity olona ity dia nanao. . ." Tsy ahoako izay nataony, na impiry masina izy, na zavatra tahaka an'izany. *Ity* no Fahamarinana tokana mivantana izay ananantsika. Tsy misy fiangonana, tsy misy fanekem-pinoana, tsy manana Fahamarinana, raha any ankoatr'*Ity* ilay izy.

329 Ary anehoy anankiray izay manana an'Izany aho. Izao fotsiny, tiako ianareo hiteny amiko. Hamadika pejy iray ao amin'ny Baiboly aho, ka haneho zavatra iray aminareo. Hitanareo? Antsoy fotsiny ilay anankiray. Hoy ianareo hoe, "Pentekotista." Oh, oadray! Vao avy nahatakatra an'izany

fisainana izany avy tamin'ny olona iray eo aho. Izany no antony nilazako an'izany. Tsaratsara kokoa ny mamela an'izany hipetraka tsara, izao ankehitriny izao, satria hitako fa nikasika tady mora tohina iray mihitsy aho eo. Izaho tsy—tsy te-handratra anareo aho, fa izaho—tiako fotsiny ianareo hahafantatra fa fantatro izay eritreretinareo. Hitanareo?

330 Ireo izay mifangaro, dia nivadika (ilay anti) ho fahafatesana. Mamadika an'ilay lokom-pahafatesana izy ireo, rehefa manafangaro ny karazan-javatra rehetra amin'ilay tany amboalohany ianareo.

331 Izany dia tahaka ny nolazain'i Kristy mikasika an'ilay voa an'ny voatsinampy. Kanefa, izany no kely indrindra amin'ny voa rehetra, saingy tsy hifangaro amin'ny inona na inona izany. Tsy hifangaro ny voatsinampy. Izy no voatsinampy tena izy. Noho izany raha manana an'io habetsahana finoana io ianareo, dia mifikira fotsiny amin'izany.

332 Mariho. Fiainana no nanaraka, an'ilay mpitaingina teo amin'ny soavaly fotsy, Izay ny Teny, Fiainana, nohamarinin'ireo Olo-masiny nitsangana izay Nentiny niaraka Taminy. Ankehitriny dia ahoana no handehanan'ilay ady?

333 Hoy Jesosy hoe, "Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona." Hoy Izy hoe, "Raha mino Ahy ianareo, na dia ianareo aza—maty aza ianareo, dia mbola ho velona. Ary na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony." Izao koa, hoy Izy hoe, "Izay mino Ahy . . . Izy no hanome azy Fiainana Mandrakizay, hanangana azy amin'ny andro farany." Izany No Sorany nampanantenaina.

334 Indro tonga i Satana, miaraka amin'ny zorony efatry ny tany rehetra, miaraka amin'ireo Protestantany sy miaraka amin'ireo—ireo Katolikany, sy ny rehetra miaraka, mandroso avy hatrany mankany amin'ilay Adin'ny Haramagedona. Eny àry.

335 Ary indro tonga Jesosy, midina avy any An-danitra, miaraka amin'ireo olo-masina nitsangana, Teny voamarina.

336 Nilaza aho, fa raha miteny Andriamanitra, na maniraka anareo, Izy dia . . . Izy—Izy dia manohana an'izay lazainareo. Hitanareo? Mariho, raha ambasadaoro iray avy any An-danitra ianareo, dia ny Lanitra rehetra no aorianareo. Ary ny Lanitra dia misy avy amin'ny Teny. Ah-hah.

337 Mariho, ankehitriny, tonga miaraka amin'ireo olo-masina nitsangana Izy, manamarina fa marina Ny Teniny.

338 Noho izany dia fantatr'i Satana, arak'izany, fa vonona ho azy ireo lavaka tsy hita noanoa. Hitanareo? Oh, oadray! Raha mbola, mitaingina an'ilay soavaly hatsatra ny fahafatesana, manafangaro ny fanekem-pinoana sy ireo anaram-piangonana, ary manaraka azy, oh, oadray, mankany amin'ny fisarahana

Mandrakizay amin'Andriamanitra. Mankany amin'izany no itondrany azy ireo, mankany amin'ny fisarahana Mandrakizay.

Kristy dia mitondra Ny Fiangonany avy hatrany mankany amin'ny Voninahitra, ao amin'ny fitsanganana.

339 Mariho ny andininy 8 ankehitriny, eo mihitsy . . . ilay ampahany farany an'ny andininy 8, raha mamarana isika, hitanareo.

. . . *nomena fahefana izy ireo* . . .

340 Iza ilay "izy ireo"? Hitanareo? Eny àry. Antikristy, antsoina hoe "Fahafatesana." "Ny Helo no nanaraka." Diniho ilay planiny efatra andalana.

341 Antikristy, soavaly fotsy; mamono amin'ny alàlan'ny fanahy, satria antikristy; famonoana ara-panahy.

342 Nomerao roa, soavaly mena; mamono amin'ny sabatra; fahefana ara-politika, rehefa niray ny fiangonana sy ny fanjakana.

343 Soavaly mainty; ireo fanahy, rehefa nizara ny foto-pampianarany izy, sy ny nataony teo niaraka tamin'ireo fijangajangany. Ary lanjainy ny sakafon'izy ireo, tamin'ny alàlan'ny . . . nivarotra ny . . . izay nomen'izy ireo ho an'ny sakafo, teo amin'ny mizàna iray, sy ireo venty, sy ny sisa.

344 Fahefatra, soavaly hatsatra iray; fisarahana Mandrakizay amin'Andriamanitra. Izao koa, efatra, hitanareo. Oh, oadray!

Ho an'Andriamanitra ny dera!

345 Ankehitriny, farany, eto am-pamaranana. Ho an'ireo . . . Manana ve ianareo . . . Nihoatra ny ora aho, saingy hanome ahy eo amin'ny folo minitra amboniny ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nahazo antso betsaka aho, androany, mikasika—mikasika an'izay resahako eto.

346 Efa nisy fanatisma betsaka nanomboka, mikasika an'i Elia, hany ka izany fotsiny dia . . . Izany dia—mikapoka hahafaty izany. Ary ianareo dia afaka . . . Eny, avelao fotsiny . . . Enga anie Andriamanitra hanampy ahy fotsiny mba hanampy anareo hahita an'izay jereko. Sitrakareo ve? Ndao fotsiny isika hanandrana, hitanareo.

347 Ankehitriny dia ity ilay izy, eo am-pamaranana, ho an'ireo izay tsy mino fa ny iraka farany ho an'ilay taom-piangonana dia Elia mpaminany, lehilahy iray izay voahosotra ho an'izany laharana izany.

348 Aorian'ny fahafatesana . . . Diniho. Aorian'ny fahafatesana, an'ity taom-piangonana farany ity . . . Ankehitriny, voamarikareo izay nitranga, hitanareo. Aorian'ny fahafatesana, dia ravan'ireo biby dia ny vatana matin'izy ireo. Fantatrareo izany. Ankehitriny, marina izany. Tahaka ny azy ireo, nanana ny tandindon'i Jezebela.

349 Ankehitriny dia mamadiha ao amin'ny Apokalypsy 2:18 sy 20. Mino aho fa namaky an'izany isika minitra vitsy lasa fotsiny izay. Sa tsy izany? Hia, mino aho fa vao avy namaky an'izany isika. Nanana an'izany voaray naoty aho eto ho an'ny sasany . . . Eny. Ny fotoan'ny fitotonganan'ny fitondran-tena, izany ilay izy. Hitanareo hoe ahoana izany, ahoana no nidiran'i Jezebela. Ankehitriny, Jezebela dia ireo fiangonana, io fiangonana moderina io; fa tsy Ampakarina, ankehitriny. Jezebela, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia tandindon'ny fiangonana amin'izao andro izao, araka ny Tenin'Andriamanitra, an'ny Apokalypsy 2:18, 20.

. . . ianao dia mandefitra amin'ilay vehivavy Jezebela,
izay miantso *ny tenany ho mpaminanivavy iray,* . . .

350 Hitanareo? Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, dia manao tandindona tanteraka tokoa an'i Jezebela izany. Ankehitriny, ny voalohany . . .

351 Afaka manome anareo fotsiny Soratra aorian'ny Soratra isika, hitanareo, fa ilay taona farany dia Hafatra ara-paminaniana iray ho an'ilay Fiangonana, miantso azy ireo hiverina amin'ilay Teny tany am-boalohany. Mariho ankehitriny. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Malakia 4 no niteny an'izany, ary ny hafa, Apokalypsy 10:7, sy mitohy midina. Hitanareo? Jesosy Izy tenany no nilaza mialoha an'izany, midina, midina, midina. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota," sy ny sisa tahaka an'izany, sy ny mitohy midina. Manohy midina fotsiny izany.

352 Jezebela dia ny tandindon'ilay fiangonana moderina amin'izao andro izao satria mikambana miaraka ny Katolika sy ny Protestanta ankehitriny. Tsy—tsy misy ialana amin'izany. Izy roa dia samy anaram-piangonana, koa izany fotsiny dia—izany fotsiny dia reny sy rahavavy, izay ihany. Mifamaly sy mifandramatra izy ireo, saingy ilay zavatra iray ihany, izy roa samy mpijangajanga. Ankehitriny, tsy milaza an'izany avy amin'ny tenako aho. Manonona avy amin'ny HOY NY TOMPO HOE aho. Hitanareo? Eny àry.

353 Ankehitriny dia mahamarika isika, fa novonoina nohon'ny baikon'Andriamanitra, i Jezebela, novonoina satria nasain'Andriamanitra nankany i Jeho ary nanipy azy avy teo amin'ny varavarankely, ka namono an'i Jezebela. Ary ny alika no nihinana ny nofony, (marina ve izany?) ilay tena Jezebela. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ahaba, ny mpanjakany, loha; ny alika no nilelaka ny ràny, araka ny nolazain'ilay Elia voalohany mialoha. Hitanareo ve hoe ho aiza isika, sa tsy izany?

354 Nahoana? Ilay Elia voalohany dia lehilahy iray nolavina, avy tamin'ireo fiangonana. Ary Jezebela sy Ahaba no lohan'ireo fiangonana ireo, fiangonana sy fanjakana, ny rehetra miaraka.

Ary nambaran'i Elisa taminy ireo fahotan'i Ahaba, ka nandidy an'ilay fiangonana manontolo izy hiverina amin'ilay Teny marina.

355 Raha tsy izany marina tokoa no asaina ataon'ilay Elia faharoa rehefa tonga amin'ity fiangonana ao amin'izao andro izao ity izy, "mamerina an'ilay Finoana tany am-boalohany"! Tsy hitako hoe ahoana no hialanareo amin'Izany. Marina izany. Miverena amin'ilay Teny marina! Marina izany.

356 Ankehitriny raha te-hahita ny vatan'izy ireo ianareo, dia ndao isika hamadika eto amin'ny Apokalypsy 19, rehefa avy—rehefa avy novonoin'ny Teny izy ireo. Ankehitriny, dia ny Teny no hamono azy ireo. Fantatrareo izany. Eny àry. Ankehitriny dia diniho fotsiny ka jereo izay mitranga amin'ny Fihavian'i Kristy, ao amin'ny Apokalypsy 19, manomboka amin'ny andininy faha-17.

> *Ary nahita anjely iray nitsangana teo amin'ny masoandro aho;* . . .

357 Ankehitriny, izany dia taoriana mihitsy, jereo eto ambony eto, "Ary ny Lambany dia voalona tamin'ny rà. Ary Izy dia antsoina hoe MPANJAKAN'NY MPANJAKA, SY TOMPON'NY TOMPO." Ao amin'ny andininy faha-13, "Izy dia antsoina hoe ny Tenin'Andriamanitra." Hitanareo? Ankehitriny, eto Izy dia, "MPANJAKAN'NY MPANJAKA, SY TOMPON'NY TOMPO."

> *Ary nahita anjely iray aho* . . .

358 Diniho ankehitriny. Mandroso Izy.

> *Ary avy tao amin'ny vavany dia nisy sabatra maranitra, mba hamelezany ny firenena:* . . .

359 "Avy tao amin'ny Vavany," tahaka ny avy tao amin'ny vavan'Andriamanitra nankao amin'ny vavan'i Mosesy. Hitanareo?

> . . .*ary izy hanapaka azy amin'ny tehim-by: sy* . . .hanitsaka *ny famihazan-divay*—famihazan'*ny firehetana sy* ny *fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha.*
>
> *Ary izy dia* manana *eo amin'ny lambany* anarana iray . . .*eo amin'ny feny anarana iray voasoratra hoe, MPANJAKAN'NY* MPANJAKA, *SY TOMPON'NY TOMPO.*
>
> *Ary nahita anjely iray aho* . . .

360 Diniho ankehitriny. Ankehitriny dia mandroso Izy, mamely. Iza no Velesiny? Jezebela sy ny Ahabany, mpaminany sandoka.

> *Ary nahita anjely iray nitsangana teo amin'ny masoandro aho; ary niantso tamin'ny feo mahery izy, nilaza tamin'ny voro-manidina rehetra* teny amin'ny habakabaka *teo afovoan'ny lanitra hoe, Avia ka*

angòny miaraka ny tenanareo ho *amin'ny sakafo lehiben'Andriamanitra;*

361 Amahanany ny bibidia sy ny vorona izy ireo. Ankehitriny dia diniho eto ao amin'ilay toko hafa eto, an'ny Bokin'ny Apokalypsy. Ary, iray minitra fotsiny, "Mamono amin'ny sabatra, sy fahafatesana, sy ny bibidia amin'ny tany." Hitanareo? Ilay fiangonana Jezebela, ny (marina tokoa) vatany, dia tsy maintsy ho hanin'ny voro-manidina sy ny bibidia amin'ny tany. Tahaka an'i Ahaba sy Jezebela marina tokoa, tao amin'ilay ara-boajanahary, dia ho toy izany koa izy ireo, ao amin'ny endrika ara-panahy, fiangonana iray. Hitanareo ve izay tiako lazaina? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

362 Elia no. . . Oh! Elia no mpaminany tamin'ny andron'i Ahaba sy Jezebela, ara-boajanahary. Ary izy dia nampanantenaina hanao an'ilay zavatra iray ihany, araka ny HOY NY TOMPO HOE, ao amin'ny Teny, ho an'ilay Jezebela, ara-panahy; ny endriky ny Fanahy an'ny asam-panompoany.

363 Diniho. Elia, na dia, tamin'ny androny, voamarina tsara sy lalina mihitsy aza, dia tsy afaka namerina azy ireo tamin'ny Teny. Marina ve izany? Na dia, niezaka aza i Elia, tamin'ny zavatra rehetra. Nanao ny zavatra rehetra izy. Izy—naneho an'ireo famantarana sy fahagagana izy; fa nihomehy teo amin'ny tavany izy ireo. Hanao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'ilay ara-panahy eto, hitanareo. Tsy afaka namerina azy ireo teo amin'ny Teny izy. Avy tamin'ireo an-tapitrisany. . .

364 Henoy tsara ankehitriny, ry fiangonana, ankehitriny, ianareo izay mifanjevo kely eo amin'ity.

365 Avy tamin'ireo an-tapitrisany teto amin'izao tontolo izao, tamin'ny andron'i Elia, rehefa nanjaka i Jezebela sy Ahaba, ao—ao amin'ny tandindon'ny tandindona mialoha amin'izao andro izao; avy amin'izao tontolo rehetra izao, dia fitonjato fotsiny ihany no voavonjy, avy tamin'ny toritenin'i Elia. Marina ve izany? Izany marina tokoa.

366 Jereo, Elia dia tsy nahafantatra mihitsy akory aza fa tahaka an'izany ny iray tamin'izy ireo. Nihevitra izy fa izy irery ihany no voavonjy, mandra-panokatr'Andriamanitra ny iray tamin'ireo Tombokase ka naneho taminy ny zava-miafina tao anatin'ilay Boky, hoe nanana fitonjato Izy izay tsy niankohoka mihitsy tamin'ireo fanekem-pinoana izay nananan'izy ireo. Rehefa nanokatra Ny Bokiny tamin'i Elia Andriamanitra, nanao hoe, "Andraso iray minitra ankehitriny, anaka. Manana fitonjato Aho izay voatahiry, any, izay manana ny anarany eo amin'ilay Boky hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ahy izy ireo." Fioo! Nanokatra an'ireo Tombokase Andriamanitra.

367 Izany no antony iheverako fa nanao hiakiaka betsaka i Jaona indray hariva. Tsy maintsy nahita ny anarany Tao izy, hitanareo. Hitanareo?

Indray andro Andriamanitra dia nanokatra . . .

368 Elisa, nitory teny izy. Nanao ny zavatra rehetra izy, ary—ary—ary nitory teny tamin'ny fony rehetra. Nanao ny zavatra rehetra izay vitany izy, nefa izy ireo dia mbola "nihogahoga" azy foana, niantso azy tamin'ny zavatra rehetra, ka nanao hoe, "Ianao no anton'izao rehetra izao. Mpiantso fanahy iray ianao. Ianao no anankiray izay manao an'izao olana rehetra izao ho tonga. Ianao no meloka," sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Nilaza ny zavatra rehetra taminy izy. Nandrahona ny hanapaka ny lohany i Jezebela, sy ny zavatra hafa rehetra. Marina izany. Nanohitra azy ny olona rehetra.

369 Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Tompo, rehefa avy nanao an'io aho, izay rehetra Noteneninao tamiko mba hatao! Nijanona marina tokoa tamin'Ny Teninao aho. Rehefa niteny zavatra iray tamiko Ianao, dia tsy nanan-tahotra aho. Nandeha avy hatrany teo anatrehan'ilay mpanjaka aho, sy ny zavatra hafa rehetra, ka niteny tamin'izy ireo hoe, 'HOY NY TOMPO HOE.' Ary tsy niteny tamiko zavatra iray Ianao, ary izaho tsy niteny tamin'izy ireo zavatra anankiray, ka tsy nitranga. Ary inty aho ankehitriny, ilay hany tokana tavela, avy tamin'ilay andiany manontolo. Izaho irery ihany sisa tavela, ary miezaka ny hamono ahy izy ireo."

370 Hoy Andriamanitra hoe, "Hanokatra ny anankiray amin'ireo Tombokase Aho ka haneho zavatra iray aminao." Hoy Izy hoe, "Fantatrao, manana fitonjato Aho any, izay tsy nandohalika mihitsy teo . . . tsy mbola nikambana tamin'ny iray tamin'ireo fanekem-pinoana ireo, ireo anaram-piangonana. Misy fitonjato amin'izy ireo vonona ho an'ny Fampakarana, hitanao." Oh! Oh! Nilaza tamin'ny Mpaminaniny Izy, izay Anambarany Ny Teniny, hitanareo, manerana ny Soratra. "Mbola manana anarana fitonjato voaomana Aho, avy amin'ity taranaka ity; fitonjato amin'izy ireo. Izy ireo dia tsy nandohalika tamin'ny iray" (raha hilaza an'izany ao amin'ity andro ity aho) "tamin'ireo rafi-pandaminana ara-pivavahana, ka lasa feno fanekem-pinoana, ao anatin'izy ireo."

371 Hitanareo ve izay tiako lazaina? Noho izany, tsy maintsy ho toy izany fotsiny ilay izy. Tsy maintsy ho toy izany mihitsy ilay izy. Ary araka ny Teny izany. Rehefa tonga eo amin'ny sehatra ilay lehilahy, dia ho mpaminany iray izy. Azo antoka mihitsy tahaka ny itsanganako eto amin'ity polipitra ity. Hitanareo? Ary hijanona tsara amin'ity Teny ity izy. Tsy hihemotra nohon'ny fanekem-pinoan'iza na iza izy na inona na inona hafa. Marina izany. Ho karazana lehilahin'ny ala iray izy, tahaka an'i Elisa, izy . . . sy tahaka ny nahatongavan'i Jaona. Izy dia—hankahala vehivavy izy, (ry tovolahy!) ireo vehivavy ratsy fitondran-tena! Fioo! Ry tovolahy, hanitsakitsaka azy ireo izy! Nanao Elia, toy izany koa i Jaona. Hitanareo? Hitanareo? Ary hahitsy tsara amin'ity Teny ity izy. Izy dia ha—hanohitra an'ireo rafi-

pandaminana. Rafi-pandaminana? "Aza mihevitra ny hilaza amin'ny tenanareo hoe, 'Manana an'i Abrahama ho rainay izahay,' fa lazaiko fa Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto." Hitanareo? Azo antoka tokoa.

372 Ankehitriny, eo ianareo izao, ry sakaiza. Indro ilay Tombokase Fahefatra, nisokatra. Ary ireo mpitaingina an'ireo soavaly efatra dia voambara, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako. Ankehitriny, io rehetra io dia niseho teto an-tany.

373 Ny Tombokase manaraka, hitantsika, dia any An-danitra, izay misy an'ireo fanahy eo ambanin'ny alitara.

374 Ankehitriny, eo am-pamaranana mihitsy, dia te-hilaza an'ireto vitsy ireto aho . . . teny vitsy fotsiny, eto mihitsy, izay noraisiko naoty. Efa nandalovantsika, teo amin'ireo Tombokase efatra, ireo Tombokase efatra voalohany.

375 Ankehitriny, rahampitso hariva, isika—hanova ny sehatra isika, avy amin'ireo zavatra niseho teto an-tany. Miandrandra izy eto ka mahita an'ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, ilay fanaovana fanatitra, alitara.

Ny hariva manaraka, dia ny fitsarana izay mamely.

376 Ary ny hariva fahefatra, na ny hariva farany, Alahady hariva, dia tsy fantatro hoe inona. Tsy fantatro ny dikan'ireo hafa ireo. Namaky azy ireo fotsiny aho, tahaka ny nataonareo. Fa, "Nisy fahanginana nandritry ny antsasaky ny ora," saingy nisy zavatra niseho. Manantena Azy hanambara an'Izany aho. Hataony izany. Afa-po aho fa hanao Izy.

377 Tsy maintsy nandeha isika, teo amin'ireo toerana samihafa an'ny Soratra, hatrany amin'ny Apokalypsy 19, mba haneho fa ny Fihavian'i Kristy no hamono an'ilay antikristy. Izany no antony tsy maintsy namelako an'ireto, haka an'ireo andininy roa ireo fotsiny. Tsy maintsy nandeha teo amin'ireo ampahany samihafa an'ny Soratra aho, mba hanaporofo an'ireo zavatra ireo. Koa izany no antony nandehanako hatrany amin'ny Apokalypsy 19, mba haneho fa ny fiafaran'ny antikristy, dia ilay famonoana; hoe Kristy, rehefa tonga Izy, dia Izy no hamono an'ilay antikristy.

378 Tao amin'ny Apokalypsy 10, mba haneho fa ny Hafatr'ilay anjely fahafito dia ho olona iray, ao amin'ity andro farany ity, voahosotr'Andriamanitra ho an'ny asam-panompoana mitovy mihitsy amin'izay ananan'i Elia mpaminany, araka ny voalaza mialoha ao amin'ny Malakia 4, mba hanambara ny Teny marina (tany am-boalohany) an'Andriamanitra ao amin'ity taranaka ity, ny Tenin'Andriamanitra tany am-boalohany ao amin'ity taranaka ity. Tahaka ny nataony tamin'ilay Jezebela ara-boajanahary, dia ho toy izany koa no hataon'ity lehilahy ity amin'ilay Jezebela ara-panahy, ireo fiangonana ara-anaram-piangonana. Tsy maintsy nandeha tao amin'ny toko faha-

7 aho . . . ny toko faha-10, andininy 1 hatramin'ny 7, mba hanaporofo fa marina izany. Ary tao amin'ny Malakia, sy Amosa, sy ny sisa, mba hanaporofo an'izany.

379 Elia dia mpaminany iray izay naminany sy nanameloka an'i Jezebela, tao amin'io taranaka manokana io.

380 Ary tsy maty mihitsy i Elia. Tsy maty tokoa izy. Niseho indray izy, valonjato taona mahery taty aoriana, teo akaikin'i Jesosy Kristy, teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy. Tsy maty izy.

381 Ankehitriny, hitantsika fa ny Fanahiny dia tsy maintsy hanosotra lehilahy iray, araka ny teny fikasan'Andriamanitra, amin'ny andro farany; nampanantenaina fa hanao an'izany ihany amin'i Jezebela ara-panahy, tahaka ny nataony tamin'i Jezebela ara-boajanahary, amin'ilay taona farany.

382 Izany no antony ni—nitetezako betsaka ny Baiboly, mba hanaporofo an'izany, mba tsy hisian'ny fanontaniana iray tavela ao an-tsainareo. Raha misy, dia ampahafantaro ahy. Eny, manorata taratasy iray ho ahy na naoty kely iray.

383 Ary tena mifangaro tanteraka ilay izy, hatrany amin'ireo bibidia mandrava ny vatan'izy ireo ara-boajanahary amin'ny andro farany mihitsy aza, mandevona azy ireo tahaka ny nataony tamin'izany.

384 Araka ny tsara indrindra amin'ny fanambarako, dia izany no nomen'Andriamanitra ahy sy nolazaina mialoha fa ho vita, izao no Fahamarinan'ireo mpitaingin-tsoavaly efatra, amin'ny tsara indrindra izay fantatro.

385 Inona no heverinareo mikasika an'i Jesosy? [Mifaly ny fiangonana—Mpand.]

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

386 Tsarovy ankehitriny, tsy misy . . . (Izay ilay izy; manohiza; tsara izany.) Tsy misy fihetseham-po ratsy mikasika ny olona rehetra ao anatin'ny rafi-pandaminana rehetra! Satria, Andriamanitra dia manana zanaka ao anatin'ny rafitra Katolika. Manana zanaka Izy ao anatin'ny rafitra Metodista. Manana zanaka Izy ao anatin'ny rafitra Batista. Firy amin'izy ireo, ireo rafitra samihafa rehetra ireo, no voasolo tena eto izao hariva izao, izay nivoaka avy tamin'izany rehefa nahita ny Hazavana ianareo? Aoka ho hitanay ny tànanareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, tsarovy, misy olona tahaka anareo mihitsy any. Saingy ilay rafitra no mamono, hitanareo. Ilay fanahin'ny antikristy no hitondra azy ireo amin'ny farany eo amin'ny toerana iray hany ka tsy handre ny Fahamarinana intsony izy ireo.

387 Ary tsaroanareo ve indray hariva, rehefa niresaka ny amin'ny fanisiana tombokase aho? Raha nandre an'ilay antson-jobily ny olona iray, ka nandà ny ho afaka izy, dia nentina teo amin'ny andry izy ary haolo iray no manisy marika ny sofiny. Eo amin'ny sofina no andrenesanareo. "Ary ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana." Noho izany raha mandre an'Izany izy, ka mandà ny hanaiky ny fahafahany, amin'izay fotoana izay izy dia . . . tsy maintsy manompo ny tompony ara-anaram-piangonana amin'ny sisa amin'ny fiainany. Amena.

388 Oh! Oh, oadray! Tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Tiako Izy, izaho . . .

Ndao isika hanangana ny tànantsika fotsiny ankehitriny ka hanompo Azy.

Satria nitia ahy mialoha Izy (Voninahitra!)
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

389 [Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.] Ankehitriny dia aondreho fotsiny ny lohanareo, ka ndao isika hanompo Azy ankehitriny raha misamonomonona an'izany isika. [Manohy misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham.]

390 Tompo, toy ny ahoana no ankasitrahanay! Tena faly aho, Tompo, tena faly noho Ianao sy ny Olonao. O Tompo, Ianao no nividy ny famonjenay teo Kalvary. Manaiky an'izany ampifaliana izahay, Tompo.

391 Ankehitriny dia zahao toetra izahay, Tompo, amin'ny alàlan'Ny Fanahinao. Ary raha misy ratsy eo anivonay, Tompo, tsi-finoana ny Teny, ny olona rehetra eto, Ray, izay tsy nanisy tsindrim-peo ny teny fikasan'Andriamanitra tsirairay tamin'ny "amena"; dia enga anie hidina ny Fanahy Masina ankehitriny, ilay Mpitaingin-tsoavaly fotsy, raha mbola Ny Fanahiny, ny Fanahin'i Kristy, no miatrika ny antikristy, ka miantso ny Azy Manokana. Antsoy hivoaka izy ireo, Tompo.

392 Enga anie hibebaka izy ireo ankehitriny, hanatona Anao haingana ka ho fenoina amin'ny Diloilo sy ny divay; ary hovaina avy amin'io akanjom-pahafatesan'i Kaina ara-anaram-piangonana io, ho akanjon'ny Fiainana Mandrakizay iray fotsy toy ny oram-panala, izay zarain'ilay Mpampakatra. Ary amin'izay fotoana izay dia handeha ho ao amin'ilay Sakafo harivan'ny Mpanambady izy ireo indray andro any, ao amin'ny Tenin'ny fitsanganana voamarina. Ekeo izany, Tompo. Zahao ireo fo, raha mbola miandry Anao ny olona. Amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy!

[Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.]

393 Ankehitriny, dia zahao fotsiny ny fonareo, ry rahalahiko, ry anabaviko, ry sakaizako. Efa niaraka taminareo nandritry ny fotoana ela aho. Teo amin'ny telo amby telopolo taona teo izao. Efa mba niteny zavatra iray taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo ve aho ka tsy niseho? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Tadiavo Kristy ankehitriny raha mbola manana anjara iray ianareo. Mety ho tsy ho ela intsony mihitsy no ahafahanareo hanao an'izany. Hitanareo? Mety hiala amin'ilay seza Izy, amin'ny fotoana rehetra, an'ny Fanelanelanany; amin'izay fotoana izay dia afaka hitomany amin'ny fonareo rehetra ianareo, afaka hitontontontona ianareo, afaka hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, afaka mihazakazaka mandroso sy miverina eo amin'ny gorodona ianareo, afaka manao ny zavatra rehetra izay tianareo ianareo, sy mikambana amin'ny fiangonana rehetra eto amin'izao tontolo izao, fa tsy hisy na inona na inona, tsy hisy fanalana tasy intsony ho an'ny—ny fahotanareo. Amin'izay fotoana izay dia inona ianareo, ho aiza no misy anareo amin'izay fotoana izay?

394 Eny, mino aho, amin'ny foko rehetra, fa mbola misokatra ilay seza. Mino aho fa mbola eo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra Izy. Fa tsy ho ela dia hitsangana Izy ankehitriny, ary handroso, hitaky an'izay Navotany. Eo am-panaovana ny asan'ny Havana Mahavotra Izy, raha mbola miandry i Rota.

395 Fa tsy ho ela, fantatrareo, rehefa avy nanao ny asan'ny havana i Boaza, tamin'izay fotoana izay dia tonga izy ka nitaky ny fananany. Ary izany marina tokoa no nolazain'ny Baiboly fa Nataony, "Nandroso Izy ary nandray ny Boky." Amin'izay fotoana izay dia tapitra ny fanelanelanana; miala amin'ny Seza fiandrianana Izy; tsy misy Rà intsony eo amin'ny Sezan'ny Famindrampo. Ary amin'izay fotoana izay dia inona izany? Sezam-pitsarana.

396 Aoka tsy ho voalaza, indray andro any hoe, "Nihevitra aho fa ny Fampakarana no natao ho tonga." Ka handre an'ilay Feo hilaza, hamaly hoe, "Efa tamin'ny lasa izany." Hanampy anareo anie Andriamanitra!

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

397 Rahalahy Neville, avia, ho an'ny fampiravana na inona na inona tokony hataonao. Andriamanitra hitahy anareo, mandrapahatonga ny rahampitso hariva.

Ny Tombokase Fahefatra MAG63-0321
(The Fourth Seal)
Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alakamisy hariva, 21 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org